Gazetiko 25 TAONA 3

FIFANINANANA TONONKALO - IREO FOLO HOTSARAINAO MPAMAKY

TOAMASINA 5

# JIOLAHY MPAMAKY TRANO MATY VOATIFITRY NY MPITANDRO FILAMINANA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7535 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 01 aprily 2023


MARINA IZANY ! 6

## SAMIA MAILO !

TSAROAKO ILAY... 2

EVANS (OLADAD)

## LANY NIREVENA TENY AN-DALANA NY VATSY KA TSY NISAKAFO



VOKATRY NY ORAM-BE 4

# OLONA 9 MATY NIRODANAN'NY TRANO



KITRA - FIDY RASOANAIVO 11

## VOATENDRY HANAZATRA NY "CLUB M" MAORISIANA



MINISITRA TOKELY JUSTIN 6

## NANAKANA NY FANAOVAN' NY MPANAO POLITIKA HETSIKA ANKALAMANJANA







## Tsaroako ilay...

Evans (Oladad)

# Lany nirevena teny an-dalana ny vatsy ka tsy nisakafo

*Evans. Mpikambana anisan'ny nanorina ny tarika Oladad, Mpanao rap, mpihira, mpamoron-kira. Tomponandraikitry ny serasera, mpandrindra ny fandaharam-potoanan'ny tarika. Mitana andraikitra ambony amin'ny sehatry ny fizahantany ao Fianarantsoa. Rahampitso alahady 2 aprily no hiaka-tsehatra ao Antsahamanitra ny tarika. Mampanantena seho matihanina sy goavana izy ireo. Mialoha izay, hitantara fahatsiarovany aloha i Evans :*

**Tsy nahalala kilasy maternelle**

Tao Fianarantsoa no naha lehibe an'i Evans. « *Tadidiko izaho niditra nianatra voalohany. Teo amin'ny faha-6 taonako tamin'izany, ary nampidirina kilasy T1 avy hatrany tany amin'ny Epp tao Fianarantsoa. Tsy mba nahalala izany maternelle izany. Tadidiko foana izany satria rehefa mahita Epp aho dia matsiaro ny hatsaran'ilay sekoly tamin'izany, fa ankehitriny efa tsy dia zarizary ny ankabeazan'ireo Epp eto Madagasikara* », hoy izy.

**Nampirafesin'ny sipa tamin'ny kilasy 5éme**

« *Izaho voadonam-pitiavana voalohany tao am-pianarana, tamin'ny kilasy 5éme (T7). Ilay sipa tiako be fa tsy nahasahy niteny azy aho fa ilay sipa no nanao « premier pas ». Fitiavan-jaza moa, dia niarakaraka teny, tamin'izany koa vao mba nanoroka sipa izany. Nisy fotoana nandeha nijery azy tany an-tranony aho. Kanjo rehefa tonga tao dia nahita bandy hafa tao ilay sipa. Dia izy tsy niteny fa nifampijery teo izahay. Izaho ohatran'ny kopikopy hoe sipan'io sady ambonin'izany, efa lehibe noho izaho ilay bandy. Niala moramora aho sady narary fo be. Niavonako ilay sipa nanomboka teo. Io bandy io mbola hitako hatramin'izao, fa izy tsy hitako intsony. Indraindray izaho mba mieritreritra azy hoe mba nanao ahona angaha ny niafaran'ilay sipa* », hoy ihany izy.

**Mandray taratasy sy kasety avy any Fianarantsoa**

« *Tadidiko izahay vao nanomboka nanangana gropy voalohany. Maka radio kasety ombilahy ireny dia asiana kasety. Mandefa « instrumental rap » amin'ny mini- chaîne, dia iny no harakitra amin'ilay radio kely. Avy eo dia mihira satria misy micro ireny (mbola tsy nanana vola handehanana studio). Misy hiranay iray izay natao enregistrement tamin'ny radio kasety kely ohatran'izany naterinay tamin'ny radio fa nalefan'ilay radio. Faly be mahenoazy tamin'izany.*

*Rehefa nianatra taty Antananarivo izaho, dia andefasan-dry zalahy namako ao amin'ny gropy kasety misy ny hiranay sy taratasy hoe modia aty ialahy fa isika efa malaza be aty Fianarantsoa. Dia nitomany tamin'ny mamako izaho hoe hody, nefa inona koa no nalaza teo* », hoy izy.

**Lany nirevena ny vatsy ka 2 andro tsy nisakafo**

« *Tsaroako ihany koa izahay hiakatra taty Tana hanao Up the rap. Tena ambiansy be teny an-dalana, dia lany teny daholo ny vola tokony hatao sakafo, Rehefa tonga taty dia samy nangaina fa tsy nihinan-kanina nandritra ny 2 andro. Fa mifanohitra amin' izay kosa ny teny amin'ny Sk Melody Mandriambero tamin'ny 2009. Tsy nanampo mihitsy izahay tamin'izay hoe hahazo olona, kanjo feno hipoaka ny efitrano. Ny olona amin' izany mifanisika hiditra any amin'ny Loge hifarombaka haka sary aminay. Teo izaho vao nahatsapa hoe tsy mihemotra intsony isika fa efa tanteraka ilay fanirina sy ilay nofinofy* », hoy izy.

**Nangonin'i Fy**



Lova Mpagnesa

# Namoaka rakitsariny vaovao : "Magnetik'atimo"

Nivoaka omaly tamin'ny fomba ofisialy nandritra ny fampisehoana izay nataon'i Lova Mpagnesa tetsy amin'ny IFM ilay rakitsariny vaovao mitondra ny lohateny hoe : «Magnetik' atimo » izay novokarin'ny lamba1. Re nandritra ity fampisehoana izay nataony ity avokoa ireo hira izay voarakitra tao anatin'ity rakitsary ity, noventesina tao koa ireo hira hafa izay efa nahalalan'ny olona maro azy hatramin'izay toa an'ny « sombiniaiko » sy « marary ». Marihana moa fa misy hira sivy voarakitra ao anatin'ity vokatra vaovao ity ka anisan'izany ireto lohatenin-kira ireto : « Tohatohabato », « saritava », « Confidences » ary ireo maro hafa. Mpanakanto, mpihira, mpanoratra ary mpamoron-kira i Lova Ramaroson, mpitendry gitara koa izy ary tamin'ny voalohany dia nianatra niaraka tamin'ny namany fa avy eo dia nandalina momba izany kokoa ka nisoratra anarana tamin'ny fianarana gitara klasika tao amin'ny CNEM.

**Nafana**

Naharitra ora iray sy sasany teo moa ny fampisehoana omaly izay tena nafana dia nafana tokoa satria ankoatra an'i Lova mpagnesa dia nanasa vahiny maromaro ihany koa izy, teo i DylMandress, izay bassista ao amin'ny tarika OloBlaky malaza. Teo koa i Sandrine Ramamonjisoa izay avy any Alemana mihitsy no tonga teto amintsika nizara ny fitiavany saxophone tamin'ireo mpijery ; mpamoron-kira ao amin'ny tarika Appaloosa, tarika jazz fanta-daza amin'ny groove koa izy. Tsy adinoina ihany koa i Miora Rabarisoa izay nitondra ny talentany amin'ny maha mpanao amponga sy teknisianina feo azy. Mbola nisy koa ireo mpanakanto hafa izay tsy voatanisa nanome aina ny fampisehoana.

**Tanya.R**


JIRAMA

Jiro sy Rano Malagasy

## FAMPAHAFANTARANA

Ry Mpanjifa hajaina,

Ao anatin'ny fanokafana ireo masoivoho vaovao eto Antananarivo isika izao, ka hisy fihatoana ny fampiasana ireo asa rehetra izay atao amin'ny aterineto (internet) :

- Fandoavana an-davitra ny faktiora (USSD sy WEB);
- Fividianana fahana amin'ny aterineto;
- Fividianana ny fahana amin'ny ho an'ny kaontera « prépayé » ;
- Fandefasana ny mariky ny fandaniana ( auto-relevé d'index ),

ny Sabotsy faha 01 aprily 2023 manomboka amin'ny 12 ora atoandro ka hatramin'ny Alatsinainy faha 03 aprily 2023, amin'ny 06 ora maraina.

Mirary soa ho antsika rehetra.

## COMMUNIQUE

Chers clients,

Dans le cadre de la mise en service des nouvelles agences à Antananarivo, toutes les offres digitales qui nécessitent l'utilisation d'internet vont être suspendues.

- Paiement de facture (USSD et WEB)
- Achat de crédit via internet
- Achat de crédit pour les « compteurs Prépayés »
- Envoie d'auto-relevé

Du samedi 1er avril 2023 à partir de 12h jusqu'au lundi 03 avril à 6h du matin.

Nous vous souhaitons le meilleur.

jirama officiel | jirama ofisialy | www.jirama.mg | service-client@jirama.mg | 547

G CL 465/4-3

**HOTSAKOTSAKOINA**

«Nikatso ve ny fiainana no tavela teo ianao? Isika tsy nateraka hitarazoka sy ho vesatra, fa nohariana kosa hampivelatra ny elatra. »
**Ny Vetso (07.02.14)**
(« L'homme est fait non pas pour trainer des chaines, mais pour ouvrir ses ailes. »
Victor Hugo/Ecrivain, Poète)

Samoela "Kilalao Zara Revy"

# Maro ny nandray anjara fa 15 no nahazo loka



Hizara sy hanolotra hafaliana amin'ny alalan'ny mozika i Samoela.

Nivoaka ny lisitr'ireo nahazo loka tamin'ny kilalao "zara-revy" izay nokarakarain'i Samoela sy ny Be Mozika. 15 izy ireo ka ny 11 dia samy nahazo tapakila roa hidirana amin'ny fampisehoana rahampitso. Roa tamin'izy ireo no nahazo USB rakikira "Bandy Rangahy" miaraka amin'ny tapakila fidirana roa, iray nahazo "T-shirt" roa sy tapakila fidirana 2 ary iray tamin'izy 15 no nahazo ilay loka goavana izay vola mitentina 300 000 ariary. Araka ny fanazavana dia eny amin'ny Be Mozika etsy Antaninandro no hakana ny loka ary efa nantsoina tamin'ny finday avokoa ireo nahazo. Tanjon'ny Be Mozika sy Tarika Samoela amin'ity lalao ity moa dia ny hanomezana fahafaham-po ny mpankafy. Nody ventiny ny rano nantsakaina satria maro ireo nandray anjara saingy amin'ny maha lalao azy dia tsy maintsy misy ny mihitsana. Ho an'i Samoela dia ny fifampizarana ny tsara sy fifanolorana tsiky ary hafaliana ho an'ny mpankafy no tanjona. Mikasika ny fampisehoana rahampitso dia eo am-pamerenana farany ireo hira hatolony ny mpankafy ry zalahy amin' izao fotoana izao. Mbola mitohy ihany koa ny fivarotana tapakila. "Vonona izahay hanolotra ny tsara fa ny mpankafy sisa no andrasana" hoy Samoela.

**Tiaray R**

Lalao Fanorona Malagasy

# Hanafika any Fianarantsoa ny avy eto Analamanga



Resin'i Ly teo amin'ny famaranana i Tahiana ny 29 marsa lasa teo.

Mihetsiketsika manao izay tsy hampatoritory ny mpilalao fanorona ny Vovonana Nasionalin'ny Fanorona Malagasy izay tarihin'ny Filohany Herindrainy Jean Patrick, amin'izao fotoana izao. Toarian'ny fifanandrinan'ny sokajy Mazana natao tetsy Analamahitsy ny 29 Marsa teo dia any Fianarantsoa indray ny lalao manaraka afaka 15 andro eo. Raha araka ny fanazavan'i Herindrainy Jean Patrick, dia hanafika any Fianarantsoa ny mpilalao avy eto Analamanga amin'io fotoana io hifanandrina amin'ny mpilalao avy ao amin'ny faritra Amoron' Imania sy Matsiatra Ambony. Mbola tsy fantatra aloha izay hisolotena an'Analamanga amin'izay fotoana izao fa hampahafantarina miandalana eo ihany. Fa ankoatra izay dia efa miomana ihany koa ny sokajy faha-2 sy faha-3 eto manerana ny faritra eto Madagasikara fa hisy ny lalao goavana izay ho tanterahina eto Antananarivo ny 26 Jona izao. Ity lalao ity dia tsy fiadiana izay ho tompondaka eo amin' ireo sokajy roa ireo akory fa lalao sava ranonan'ando ihany ary fanomanan-tena sy fitsapana ihany. Mikasika izay dia nilaza ny filohan'ny Vovonana Nasionaly fa noho ny tsy fisian'ny hoentimanana amin'ny fandraisana ireo avy any amin'ny faritra dia mianto-tena manao izay hahatongavana aty Antananarivo izy ireo ary izy ireo ihany koa no miantoka ny sakafony sy ny trano hipetrahany. "Tsy mbola misy ny teti-bola ho an'ny fanorona Malagasy hatreto fa miandry ny fifanatonana sy fifampiresahana amin'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny kolontsaina izay mpiahy ny lalao fanorona Malagasy ny Birao mpitantana ny Vovonana" hoy Ny Filohan'ny Vovonana Nasionaly.

**Lasan'i Ly ny fandresena**

Raha hiverenana ny lalao nifanandrinan'ny "Sokajy Mazana" ny 29 Marsa teo teny Analamahitsy dia i Ly Rakotomalala no nahazo ny laharana voalohany rehefa nandavo an'i Tahiana Ravelomanatsoa teo amin'ny famaranana. Niady ny lalao satria "vela - vela" no niafarany satria dia sahala avokoa ny ady 5 rehetra. Samy mbola tanora avokoa izy mirahalahy ireo kanefa efa manana traikefa eo amin'ity lalao fanorona ity. 16 mirahalahy no nifanintsana tamin'io 29 Marsa io. Izy ireo no heverina fa Mazana indrindra eo amin'ny lalao fanorona raha ny traikefa sy ny fifanandrinana hita hatramin'izay no jerena. Hita ho efa mahasarika tanora maro ihany koa ny lalao fanorona ankehitriny indrindra hatramin'ny nahafahana milalao azy anaty finday. Na izany aza dia manentana ny rehetra ny Filohan'ny Vovonana mba tsy hanary ity lalao nentimpaharazana ity. Miantso izay tsara sitrapo ihany koa izy ireo mba hanohana azy mba tsy hahavery ny kilalaon-tsaina tena Malagasy.

**Tiaray R**

# Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

## IREO FOLO HOTSARAINAO MPAMAKY

*440 ireo tononkalo voarainay. Ny 57 amin'ireo tsy nahafeno ny fepetran'ny fifaninanana. Ireto ny tononkalo 10 (folo) nahazo isa tsara hotsarainareo mpamaky hahitana ny mpanoratra 5 (dimy) mendrika indrindra hahazo loka. Misaotra anareo rehetra nandray anjara tamin'ny lalaontsika. Tsiahivina fa hisy ihany koa ny loka ho an'ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra*

### Tononkalo T1

**"Gazetiko 25 taona"**

Izahay mpamaky faly miarahaba etoana
Amin'izao taon-jobily volafotsy izay tsaroana.
Gazety iray miavaka ahitana vaovao
Torohevitra, tantara ao koa ireo lalao.
Enga anie ka hihatsara, izay no firariantsoa.
Ho gazety tokana tena miavaka tokoa,
Dia ho tratry ny ela indrindra haharitra hatrany
Satria gazety tsara rindra izany hoe Gazetiko izany

### Tononkalo T2

**Ilay Gazetiko**

Zava-misy, pôlitika, samihafa, kolontsaina…
Ao anaty pejy valo isan'andro tantaraina
Soa zaraina maro, sarobidy, tsy voavidy
No maharaka vaovao, ala voly no lalao !
Nanovozako harena, fahalalana sesehena,
Nampitombo ny fahaizako sy ho solika fitaizako.
Hirariako ho lavorary, hotahian'Ilay Nahary
Ilay Gazetiko hampiray, ny dimampolo ho avy indray…

### Tononkalo T3

**25 taona**

Gasikara no niaingana tamin'ny asan-tserasera,
Ary tao no nahitana tolotsaina lany era,
Zanahary no nitahy ka tratr'ity tsingerin-taona,
Ezaka tokoa ry lahy no vita hatreto ka tsaroana.
Tao anaty taona maro : roapolo dimy amby
Io Gazetiko io fantaro : nahavita ny fanamby
Ka ny taona izay ho avy mbola hiroborobo hatrany,
O ! ry Tompo o ! Miangavy raha sitrakao izany !

### Tononkalo T4

**25 taona**

Dimy amby roapolo taona
Toera-maro no voatetiko
Fa n'aiza n'aiza tafahoana
Sy mamaky anao GAZETIKO
Isan'andro be mpitaky
Ny GAZETIKO, aiza ianao ?
Fa mahaliana ny mpamaky
Ny andinin-tsoratrao !

### Tononkalo T5

**Gazetiko 25 taona : mamiko !**

Novakiako teny foana tamin'ny teny malagasy
Tena vitako latasy
Ilay mpampita vaovao
Mba ho ahy sy ho anao.
Fa hatramin'ny fony kely, 25 taona lasa,
Raha mba nisy vola kely nomen'i Dada avy niasa
Ka nividianko hanin-kely sy ilay zavatra mba nentiko
Tena mamy toa tantely ny namaky ilay Gazetiko.

### Tononkalo T6

**Gazetiko 25 taona**

Hiorim-paka lalandava r'ilay Gazetiko lalaiko,
R'ilay vinidiko isan'andro mahamirana ny saiko,
Ahitana vaovao, ezahiko mba hofantarina
Ahafantaran'ny rehetra ny zava-misy marina!
Dimy amby roapolo taona no efa nahalalako anao
Mandraka androany mbola misy hatramin'izao,
Tsy ho lefin'ny fotoana, ho tojo hatrany am-parany any
Mahaleova mahalasana, eny hijoro hatrany hatrany !

### Tononkalo T7

**Ny Gazetiko**

Dimy amby roapolo taona nijoroana teo ho anao
Ny Gazetiko mpizara ny andinim-baovao
Amin'ny teny malagasy ranoray no sady marina
Mitantara "zava-misy", "politika" ilaim-pantarina.
Ny "Samihafa" izay mitranga ary koa ny "Kolontsaina"
Ireo fanatanjahantena sy Ala voly isa-maraina
Ny Gazetiko sakaiza, gazety iray mora vakiana
Dimy amby roapolo taona nahafa-po sy nahaliana.

### Tononkalo T8

Ny Gazetiko arahabaina tratry ny tsingerin-taona !
Roapolo dimy amby nikelezana aina foana,
Ka nanao ho tarigetra hanambara izay mitranga
Amin'ny olona rehetra na inona na inona saranga !
Izao tsingerin-taona izao no ankalazaina eto anio
Fa ny asa izay hatao mbola hitohy ka tadidio.
Enga anie homen'ny Avo tolo-tsaina ireo mpiasa
Ka mba samy ho ravoravo amin-javatra kinasa!

### Tononkalo T9

**Gazetiko 25 taona**

Sesehena ireo gazety mpiseho isa-maraina
Fa hafa ihany ny Gazetiko manintona ny saina
Roapolo miampy dimy no efa niorenany
Mahaliana hatrany hatrany ny vaovao izay fantenany
Rariny aho raha hiarahaba ary koa hirary soa
R'ilay Gazetiko isan'andro ankafiziko tokoa
Haharitra ela indrindra e ary koa hotsofin-drano
R'ilay Gazetiko atonta eny Ankorondrano.

### Tononkalo T10

**Gazetiko**

Feno dimy amby roapolo taona i Gazetiko
K'izay fantatro momba azy no mba entiko.
Izy dia milaza zava-misy, ala voly, samihafa
Mitahiry kolontsaina tsy atakaloko ny hafa
Eny, fanatanjahantena, fanabeazana pôlitika
Trangam-piarahamonina ampitainy amintsika.
Gazetiko ! Ilay fitaovan-tserasera tena tsara
Mametraka tantara ho an'ny dimby sy ny fara!

# Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

**FANONTANIANA**

- Iza ny tononkalo heverinao fa tsara indrindra amin'ireto folo ireto ?

T1☐ T2☐ T3☐ T4☐ T5☐ T6☐ T7☐ T8☐ T9☐ T10☐

Mariho X ny safidinao. Iray ihany no marihina. Tsy ekena ary tsy manan-kery ny mitakosina

**FANONTANIANA FANAMPINY**

- Firy ny isan'ny mpandray anjara mitovy hevitra aminao ?

Soraty ao anaty toerana voatondro amin'izany :

.....................................................................................................................................

Anarana : .....................................................................................................................

Fanampin'anarana : .......................................................................................................

Adiresy : .......................................................................................................................

Laharana finday : ............................................................................................................

*Aterina aty amin'ny Gazetiko enceinte midimadagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra farafahatarany ny ZOMA 07 APRILY 2023 hatramin'ny 05 ora hariva ity takelaka fandraisana anjara ity.*

Vokatry ny oram-be

# Olona 9 maty nirodanan'ny trano

*Fa nisy tamin'ireo olona tafavoaka velona taorian'ny nikarohana azy no naratra ary efa nentina namonjy hopitaly izy ireo taorian'izay.*

Loza no niseho omaly vao maraina teto an-drenivohitra! Trano roa tamin'ny toerana roa samifaha no nirodana vokatry ny orambe ka nitarika fahafatesan'olona. Ny iray niseho teny Behoririka ary ny iray hafa kosa teny amin'ny fefiloha Ampasika. Araka ny fantatra, olona sivy no maty tamin'ireo trano ireo. Raha ilay niseho teny Behoririka, olona dimy no maty tototry ny trano tao ary sivy no velona. Tokony ho tamin'ny 4 ora maraina no nirodana tampoka ny trano gasy iray misy rihana izay nahitana tokantrano telo ary misy olona 14 mipetraka ao. Ny tao amin'ny tokantrano roa, nisy olona dimy mianaka avy ary ny tokantrano fanintelony misy olona efatra nipetraka tao. Vantany vao niseho ny loza dia nisy niantso ny sampana mpamonjy voina ka vantany vao naharay ny antso izy ireo dia nandeha nankany antoerana nanao ny asany nikaroka ireo olona tototra tao. Olona telo no efa tafavoaka tamin'ny fotoana nahatongavan'ny mpamonjy voina teny. Araka ny fanazavana ihany koa, vantany vao niseho kelikely ny loza dia mbola nisy olona niantsoantso ihany taraiky tany anatiny tany saingy nony elaela dia tsy heno intsony ny feon'izy ireo. Nandeha ny fikarohan'ny mpamonjy voina nitady ireo olona tavela ka nisy ny tafavoaka velona ary nisy kosa ny maty. Tokony ho tamin'ny 7 ora maraina no nisy razana roa hita tao ary rehefa nitohy ny fikarohana dia tamin'ny 1 ora atoandro indray ny razana hita manaraka ary tamin'ny 4 ora tolakandro no hita ny razana roa farany. Fa nisy tamin'ireo olona tafavoaka velona taorian'ny nikarohana azy no naratra ary efa nentina namonjy hopitaly izy ireo taorian'izay.





**Nandritra ny famoahana ireo olona tototry ny tany teny Behoririka**

**Hafa koa**

Fa mbola mikasika ny fianjeran'ny trano vokatry ny ora-nikija niseho ny alin'ny alakamisy ihany koa dia trano iray teny amin'ny fefiloha Ampasika no nirodana omaly vao maraina. Vokany: efa-mianaka no indray maty tototra tao, iray hafa kosa avotra. Araka ny fantatra dia dimy mianaka izy ireo no tao anatin'io trano io, izay nisy renim-pianakaviana iray niaraka tamin'ny zanany efatra. Nirodana tampoka ihany koa io trano io ary dia maty vokatr'izany ireo efa-mianaka dia ilay renim-pianakaviana sy ny zanany telo. Fa ny zanany vavimatoa no voalaza fa avotra ary noho ny ratra nahazo azy dia efa nentina notsaboina teny amin'ny hopitaly. Ny fanampim-panazavana hatrany no nahalalana fa tsy tao an-trano ilay raim-pianakaviana nandritra ny fotoana nisehoan'ny loza.

**T.H**

Soanierana Ivongo

# Saron'ny zandary ireo basin'ny fonja very



Nisy namaky ny biraon'ny Mpiandry fonja tao Vavatenina ny harivan'ny 29 martsa 2023 lasa teo. Nanao hetsika fitadiavana haingana izany ireo mpitandro filaminana tao antoerana sy ny manodidina. Ny marainan'ny Alakamisy anefa dia nisy tranga fanafihana mitam-piadiana vakitrano tao Antanifotsy Soanierena Ivongo ka nanao hetsika vonjy taitra avy hatrany ireo Zandary rehetra niampy ny avy any Fenoarivo Atsinanana. Angombaovao avy amin'ny olontsotra tsara sitrapo no nampita haingana tamin'ny Zandarimaria fa misy olona telo mampiahiahy miery ao amina trano fandraisambahiny lehibe iray. Notsirihin'ireo Zandary sy Polisy avy hatrany izany ary sarona tao avokoa ireo basy very (poleta iray sy basy Mas 36 miisa 3 ary bala maro) sy entana vao avy nangalarina. Ireo jiolahy kosa dia mbola karohina ary tsy maintsy ho tratra satria efa fantatra avokoa. **R.C**

Ampitatafika

# Fiara nifandona tao anaty oram-be, naratra ny mpamily

Nitrangana lozam-pifamoivoizana teny Ampitatafika tamin'ilay oram-be afakomaly alina iny. Fiara roa no nifandona, izay taxi ny iray. Raha ny fanazavana dia samy nandeha mafy izy ireo, ny orana anefa tena nikija ka tsy nifankatazana raha tsy efa akaiky. Vokany dia io nifandona io ireo fiara. Naratra ny mpamilin'ilay taxi. Samy nisy fahasimbana avokoa ny fiara. Nalefa namonjy hopitaly avy hatrany ilay naratra. Tonga nijery ny zava-nitranga teny antoerana ny zandary raha vao nandre io lozam-pifamoivoizana io. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ihany koa ny raharaha ka mandeha ny fanadihadiana. Tokony hitandrina hatrany ny mpamily rehefa avy orana amin'ity fandehanana mafy ity. Mila tsy ho tazana intsony mihitsy mantsy ny lalana rehefa tena avy ny orana ka aleo mandeha mora sy mitandrina foana ihany mba hisorohana ny loza toy izao. **R.C**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Poketra, lamba, debara, télé, vy, kilalao, boky, kiraro, machine. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 506/15-14)

* Fanaka, boky, kiraro, kilalao, frigo, vy, debara, TV. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 509/20-9)

### A LOUER

* Trano ahofa, Andoharanofotsy Mahabo. 2ch + douche + wc en sécurité. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 513/5-4)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 517/10-1)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe Homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 517/10-1)

### SERVICE VIDANGE

* Fosse septique, puisard Makiplast, perdu, wc 101, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 508/15-10)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (M-BA 405/13-2)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, bacs à graisse, pompage, réhabilitation, puisard. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 477/20-17)

### MITADY

* Mitady aidelec, monina Tana, 20 - 26 taona. Mavitrika @ chantier. Antsoy. Tél : 034.02.018.19. (G-BA 516/1)

* Electricien bâtiment : installation norme style 20 ans exper/ce, ptt prix. Tél : 033.04.018.19. (G-BA 516/1)

### MITADY ASA

* Mpametaka carreaux matihanina, mitady asa " équipe zadraharaha ". Tél : 034.23.909.68. (G-BA 515/5-3)


## Manal azy de mimeme



Toamasina

# Jiolahy mpamaky trano maty voatifitry ny mpitandro filaminana

*Tsy nahazo na inona na inona izy fa tonga arapotoana ny zandary.*



Ilay jiolahy voatifitra !

Raikitra ny fanenjehana ity jiolahy iray nikasa hamaky trano tao Ankirihiry Avaratra-Toamasina omaly tokony ho tamin'ny 3ora maraina. Tokantrano iray no nidiran'ny jiolahy tamin'io. Nalaky taitra anefa ny tompon-trano raha nahita ireto olon-dratsy tao an-tranony ka nampandre haingana ny mpitandro filaminana. Fotoana fohy taorian' izany dia tonga teny an-toerana ny zandary. Vaky nandositra anefa ireo jiolahy ka raikitra ny fanenjehana azy ireo. Voatery nitifitra ny zandary ka voatifitra tamin'izany ity jiolahy iray ity, izay voa teo amin'ny feny sy ny tratrany. Novonjena nentina tany tamin'ny hopitaly io noho ny ratra nahazo azy saingy tsy tana ny ainy. Tsy mbola nahazo na inona na inona ireo jiolahy.

**Hafa koa**

Fa mbola tany Toamasina ihany saingy tao Salazamay indray kosa dia mpangalatra môtô roa lahy no voasambotry ny mpitandro filaminana. Tratra ihany koa ny lehilahy iray mpampanofa ny basy ampiasain'izy ireo hanaovany ny asa ratsiny. Fantatra fa efa malaza amin'ny halatra môtô amin'ny toerana maro ao Toamasina ry zalahy ireto. Efa nitifitr'olona tao Salazamay ihany koa ny volana Novambara 2022. Efa tafaverina amin'ny tompony moa ilay môtô nangalarin-dry zalahy ireto tamin'ity. Mitohy ny fikarohana ataon' ny mpitandro filaminana ny naman'ireto jiolahy ireto.

R.C

Fenoarivobe

# Jiolahy maty voatifitry ny zandary

Jiolahy iray no maty voatifitry ny zandary ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora maraina, tany amin'ny toerana antsoina hoe Ankaditapaka, kaominina Andriapotsy, any amin'ny distrikan' i Fenoarivobe. Niaraka tamin' ireo mpitandro filaminana handeha hisambotra ny namany any Morafeno ity lehilahy ity no nanararaotra ny andro maizina ka nitsoaka teny an-dalana. Na dia efa nasain'ny zandary nijanona sy nomena fampitandremana aza izy dia mbola nanohy ny diany nandositra ihany, ka voatery nitifitra azy ireo mpitandro filaminana. Naratra mafy izy ka nitarika ny fahafatesany izany. Araka ny fanazavana dia ny alin'ny alatsinainy hifoha talata lasa teo izy no voasambotry ny zandary. Fantatra mantsy fa izy no lehiben'ny dahalo nangalatra omby maherin'ny roapolo tany Anosibe, fokontany Mahaimandry, any amin'ny kaominina Firavahana, distrikan'i Fenoarivobe. Taorian'ny fisamborana azy dia natao famotorana izy ka nandritra izany no nanononany lehilahy iray nolazainy fa namany mipetraka any Morafeno, kaominina Andriapotsy, any amin'ny distrika Fenoarivobe. Dia nentin'ny zandary niaraka tamin'izy ireo handeha hisambotra io namany io ity lehilahy ity kanefa dia io nitsoaka teny an-dalana io izy ka izao maty voatifitra izao. Araka ny fanazavana hatrany dia dahalo raindahiny amin'ny resaka halatra omby sy fanakanan-dalana izy ary nampitondra faisana tany amin'ny distrikan'i Fenoarivobe sy Tsiroanomandidy ary Miarinarivo. Fantatra ihany koa fa anisan'ny jiolahy namono nahafaty zandary iray tany Andolofotsy ny taona 2022 ity lehilahy maty ity.

T.H

Mahanoro

# Ankizivavikely 13 taona naolan'ny mpampiasa azy

Rehefa ilay ankizivavy sy ilay mpampiasa azy ihany no ao an-trano no hanararaotan'ilay rangahy hanaovana ny filandratsiny. Ankizivavikely vao telo ambin'ny folo taona monja ity naolan'ny mpampiasa azy tao Mahanoro ity ny 18 Martsa lasa teo. Tsy sahy nilaza ny nanjo azy mihitsy anefa izy saingy taty aoriana dia tapa-kevitra ihany. Tsy nanaiky avy hatrany ny Ray aman-dreniny raha vao nandre ny nanjo azy ka nitondra ny raharaha tany amin'ny manampahefana. Natao ny fanadihadiana ka voasambotra ilay rangahy. Fantatra fa efa fanaon'ilay rangahy izao. Natolotra ny Fitsarana avy hatrany izy taorian'ny famotorana nataon'ny mpitandro filaminana azy. Tsiahivina fa voararan'ny lalàna tanteraka ny fanaovana herisetra sy fanararaotana ara-nofo toy izao indrindra amin'ny ankizy. Toy izany koa ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

R.C


## Tatsy sy taroa

**# Nitrangan'ny lozam-pifamoivoizana indray tamin'ny lalam-pirenena faharoa iny ny alarobia teo** tokony ho tamin'ny 12 ora antoandro, tao Ambanitsena. Moto scooter iray nanao taingin-droa no nidofotra tamin'ny kamiao. Vokany, naratra ilay tovolahy nitondra ilay moto. Tsy naninona kosa ilay niaraka taminy. Nalefa notsaboina avy hatrany ilay naratra. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana ny raharaha.

**# Lehilahy iray no hita faty nihantona tamin'ny tady tao an-tranon'ny zokiny tao Sambava** ny fiandohan'ity herinandro ity. Raha ny fanazavana dia nifamaly tamin'ny rahalahiny izy ity. Tsy hay izay nahazo azy taorian'izany fa dia io ny fatiny nihantona io no nanaitra ny olona. Hatreto dia tombanana ho nananton-tena izy. Efa mandeha ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana.

**# Mpangalatra omby roa lahy no voasambotra tany Ankazomiriotra, distrikan'i Mandoto.** Nikasa hangalatra omby tao Tatamolava, kaominina Ankazomiriotra, izy ireo ny herinandro lasa teo. Tafatsoaka ireo dahalo saingy fantatry ny fokonolona ny roa lahy dia io voasambotra io. Mbola mitohy ny fikarohana ny namany.

R.C

Minisitra Tokely Justin

# Nanakana ny fanaovan'ny mpanao politika hetsika ankalamanjana

*Mampahazo vahana ireo tomponandraikim-panjakana mieritreritra ny hilatsaka ho fidiana atsy ho atsy itony karazana fepetra noraisina itony.*



**Hisy akony eo amin'ny fahalalahana maneho hevitra ny fanapahan-kevitra noraisin'ny minisitry ny Atitany omaly.**

Mandrehitra afo ! Ahiana hisy akony eo amin'ny sehatra politika izay efa manombka mafana amin' izao fotoana izao ny fanapahan-kevitra noraisin'ny minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana Atoa Tokely Justin omaly. Araka ny fanambarana nataony tamin' ny Fahitalavim-pirenena TVM mantsy, dia nandray fepetra momba ny fanaovana hetsika politika sy ny famoriam-bahoaka manerana ny nosy ny fanjakana. Misongadina ao anatin'izany fa nanakana ny fanaovan'ny mpanao politika hetsika ankalamanjana ity fepetra noraisiny ity. Araka izany, dia voarara manomboka izao ny famoriam-bahoaka ataon'ny mpanao politika tahaka ireny niseho tato ho ato ireny, fa tsy maintsy ao anaty efitrano ny fanatanterahana izany. « *Amin'ny maha tany demôkratika antsika, dia omena malalaka ny mpanao politika hanao hetsika saingy manaraka fepetra. Isika rahateo mbola tsy tafiditra ao anaty ny fotoanan'ny fampielezankevitra* », hoy Atoa Minisitry ny Atitany tamin'ny fanazavany. Namafisiny fa mihatra ho an'ny antoko politika rehetra tsy ankanavaka misy eto amin'ny tany sy ny firenena ity fepetra vaovao noraisina ity.

**Mizana tsindriana ila**

Araka ny fanazavan'ny minisitra Tokely Justin ihany, dia tsy vokasik'ity fepetra ity kosa ireo tomponandraikim-panjakana rehetra, indrindra ireo ao anatin'ny fitondrana mpanatanteraka. Izy ireo izay voalazany fa manatanteraka ny politika ankapoben'ny fanjakana ka mila mihaino ny hetaheta sy mizara vaovao amin'ny vahoaka. Raha ny fahitan'ny mpandinika politika izao toejavatra izao, dia karazan'ny manao mizana tsindriana ila ny fanjakana. Ny tsy azo lavina mantsy, mpanao politika ihany koa ireo tomponandraikim-panjakana ireo ary mety ho kandidà mpifaninana amin'ny fifidianana atsy ho atsy. Zary mampahazo vahana ny « kandidàm-panjakana » noho izany ity fepetra ity, ary manohitohina ny fahalalahana maneho hevitra. Tsy zava-baovao eto amin'ny firenena moa ny fandraisana fanapahan-kevitra miendrika sakantsakana toy izao rehefa akaiky ny fotoam-pifidianana. Saika efa nanao toy izany avokoa ireo mpitondra nifandimby mba hakana bahana mialoha manoloana ireo mpifaninana amin'izy ireo

**JUDD**

## Marina izany !

### Samia mailo !

**Raha tsy dia nandrenesam-baovao firy ny pesta nandripaka teto, taona maromaro lasa izay na dia mivangongo, saika isaky ny sisin-dalana aza ny fako, amin'izao fotoam-pahavaratra diavintsika izao, ny mifanohitra amin'izany kosa no misy mahakasika ny aretina kohadavareny (tuberculose). Fantatra mantsy fa mirongatra izay tsy izy io areti-mifindra, indrindra eto Analamanga. Ny antony, heverina fa tsy tokony hahagaga manoloana ny fahasahiranana iainan'ny tokatrano maro. Vokany, ny asa mafy nefa ny sakafo tapa-kibo, araka ny fomba fiteny. Ankoatra izay, raha ny iarahantsika mahita eny amin'ny fiarahamonina eny dia maro ny olom-pirenena no tsy mitandrina ny fahadiovana, eo amin'ny sakafo hohanina sy ny fomba fiainana, amin'ny ankapobeny. Mety ho tsy afa-manoatra, nefa mety ho vokatry ny tandrevaka ihany koa. Antony anaovana antso avo ny tsirairay mba samy ho mailo sy hitandrina satria tsy vitan'ny areti-mandoza ny kohadavareny fa mety mamindra olona folo raha toa ka tsy voatsabo ara-potoana sy araka ny tokony ho izy. Tranga iray isintonana ny sain'ny mpivarotra sy ny olom-pirenena zatra mihinana sakafo masaka, eny amoron-dalana ny tokony hanadiovana ireny vilia sy sotro ifandimbidimbiasana ireny. Ny tsikaritra mantsy dia asosa anaty rano izy ireny matetika, nefa fomba iray mety hifindran'ny aretina toy ny kohaka lavareny. Tranga anaovana antsoavo amin'ny minisitera mpiahy ihany koa, mba hanara-maso ny fahadiovan'ny sakafo amidy sy ny fomba fikarakarana asy ny fanomezana azy ireny ny mpanjifa. Fantatra mantsy fa misy sampandraharaha manokana misahana izany eto amintsika. Ny fanontaniana mipetraka anefa dia ny hoe manatantreraka ny asany ara-dalàna ve izy ireny ?**

Voahangy Rakotozafy

Fihaonamben'ny FFKM

# Mitaky ny hanatsarana ny lalàm-pifidianana ireo filoham-piangonana

Nifarana omaly teny Ilafy ny fihaonambe voalohany notanterahin'ny FFKM ho fiatrehana ny taom-pifidianana, izay nanomboka tamin'ny 29 Marsa lasa teo. « Sahy hijoro ho vavolombelona hampiainana ny fahamarinana sy hanamafisana ny fiombonana ny fiangonana ». Io no fehezan-teny nentin'ireo Filoham-piangonana efatra mirahalahy nanamafisana ny fahavononan'ny FFKM hiditra an-tsehatra hanara-maso ny fifidianana nandritra izany. Mifanindran-dalana amin' izany, manentana ny rantsamangaika rehetra tandrify ny fanomanana ny fifidianana hijery ny fanatsarana ny lalam-pifidianana mba hisian' ny fifidianana marina sy madio ary mangarahara ireo Raiamandreny ara-panahy ireo. Hevitra itovizan'ny Filoham-piangonana amin' ireo Filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampianina sy Marc Ravalomanana ary ny fianakaviambe iraisam-pirenena sy ny firaisamonim-pirenena. Ho an'ny Zanaky ny Fiangonana indray, niantso ireto farany tsy hitaredretra hisoratra anarana sy hanamarina ny firaketana izany ao anaty lisi-pifidianana ary ho vonona hifidy ho fanorenana sy fanarenana ny firenena ny FFKM.

**Andrimaso FFKM**

Mikasika izay resaka fifidianana izay hatrany, nitondra fanazavana mikasika ny fananganana ny Andrimaso FFKM sy ny andraikitra hosahanin'izany ihany koa ireo Raiamandreny ara-panahy omaly. Isan'izany ny fanabeazana ho olom-pirenena vanona mba ho kristiana mijoro sy mandray andraikitra ; fampanjakana sy fiarovana ny fahalalahana ; fanaraha-maso ny fikarakarana fifidianana mialoha, mandritra ary aorian'ny androm-pifidianana manerana an'i Madagasikara ; fitandroana ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiarahamonina eto Madagasikara toy ny ady amin'ny kolikoly sy ireo fihetsika miendrika fanaparam-pahefana maro samihafa. Manaraka izany, milaza ho mahatsapa ny FFKM fa mahazo vahana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao ny fifampihantsiana koa nanamafy ny antso izay efa nataony izy ireo mba hitandroana hatrany ny fiadanana sy ny fandriam-pahalemana ary ny fihavanana ka hampitsaharana ny herisetra amin'ny endriny rehetra.

**Fahasarotam-piainana**

Farany, tsy nohadinoan'ireo Raiamandreny ara-panahy ny nanome hafatra ho an'ny krisitanina amin'izao Herinandro masina izao. Mitaona ny tsirairay handinin-tena, hanaiky hiala amin'ny ratsy fanao, hibebaka mba handraisantsika ny fanovozan'ny Fanahy Masina ireo Filoham-piangonana efatra mirahalahy tamin'izany. « *Matoky isika fa misy ny famonjena ao anatin'ny fahoriana sy ny fahasarotam-piainana ary ny aloky ny fahafatesana vokatr' ireo loza samihafa* », hoy ny FFKM tamin'izany. Marihana, fa hitohy any amin'ny Faritany FFKM 35 ity fihaonambe ity any amin'ny fiafaran'ny volana Mey ary hofaranana eto Antananarivo ny 31 aogositra ka hatramin' ny 2 septambra, izay hanasany ny sokajin-kery misehatra amin'ny fifidianana rehetra eto Madagasikara izany.

**Mamy R.**

Vovonana G5

# "Tsy tokony hiandry volana Aogositra ny fanatanterahana ny fikaonandoha"

Tanteraka teny amin'ny « Motel Anosy », omaly ny fanambarana iombonan'ireo sokajin-kery mivondrona ao anatin'ny Vondrona G5, ahitana ny HIFFIM, HPM, PANORAMA, RMDM ary VPHM izay samy mijoro ho manohitra ny fitondrana. Anisan'ny lohandohany eo anivon'io Vondrona io ny Pr Manantsoa Victor, ry Henri Rakotomalala (Riribe) ary ry Randrianiria Ignace (Ramasy). Itovizan'ireo mpanao politika ireo hevitra ao anatin'izany ny filazana fa masi-mandidy sy tompon'ny fahefana eto amin'ny fireneny ny vahoaka Malagasy; tsy maintsy tanterahina amin'ity taona 2023 ity ny fifidianana filoham-pirenena ho fanajana ny lalampanorenana; maika ny hanatanterahana fikaonandoham-pirenena andraisan'ny rehetra anjara ary tsy tokony amin'ny volana aogositra vao hatao izany handinihana ny lalàm-pifidianana sy ireo rafitra hikarakara fifidianana ary ny ho fanarenana ny firenena. Mikasika izay fikaonandoham-pirenena izay hatrany, nahitsy ny Vondrona G5 raha nilaza fa tara loatra raha amin'ny volana aogositra, araka ny tetiandron'ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara vao hanatanteraka izany izany isika. Na izany na tsy izany, manosika ireo Raiamandreny ara-panahy sy aradrazana mba hijoro ho mpanelanelana hatrany ka tsy hiandany amin'ny atsy na aroa ny Vondrona G5. Miantso ny vondrona iraisam-pirenena hanolo-tanana ahatongavana amin'ny Tanjona iombonana hisian'ny fitoniana sy ny fampandrosoana mirindra eto Madagasikara ihany koa izy ireo.

**Mamy**

Lôla Rasoamaharo

# Naverina notazonina vonjimaika eny amin'ny fonjan'Antanimora

Omaly maraina, tokony ho tamin'ny 9 ora sy sasany no tonga tetsy amin'ny fitsarana Anosy, nentina'ny fiara manokana ny tale jeneralin'ny orinasa « La Gazette de la Grande Ile », Lôla Rasoamaharo. Avy hatrany dia nihazo ny Fampanoavana ny voampanga ary naharitra ora maro ny fihainoana azy. Taorian'izay dia naverina any amin'ny fonjan'Antanimora ny mpanao gazety Lôla Rasoamaharo. Tsiahivina fa taorian'ny fisamborana sy fampidirana am-ponja vonjimaika io tale jeneralin'ny orinasa fanaovan-gazety io dia nogiazana ny fitaovampiasan'ny « La Gazette de la Grande Ile », rehefa nahazo filazana mialoha fa tsy maintsy miala ao amin'ny trano niasany. Araka ny fanazavana nomen'ny mpiasa dia vadintany no nanatanteraka ny fanagiazana ary nisy mpitandro filaminana nanatrika ny fanagiazana ny entana rehetra. Ankoatra izay niarahan'ny rehetra nahita fa tsy nisy gazety nivoaka, ny ampitson'ny fanagiazana. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe: mbola hanohy ny asany ka hivoaka toy ny gazety mpiseho isan'andro rehetra ve ny « La Gazette de la Grande Ile ».

*Tsy nivoaka ny gazety omaly, taorian'ny fanagiazana ny fitaovan'ny orinasa " La Gazette de la Grande Ile "*

**Manaja ny fahefam-pitsarana!**

Hanao ahoana ny hoavin'ireo mpiasa marobe very asa, raha toa ka tsy hisokatra intsony io orinasa fanaovan-gazety io ? Ankoatra izay, mbola fanontaniana manitikitika ny saina ihany koa ny hoe: Hijanona amin'ireo fiampangana efa nampahafantarina ve ny fanenjehana an'i Lôla Rasoamaharo sa mety mbola hitatra, toy ny efa nitranga tamin'ireo mpanao gazety sy mpanao pôlitika, any am-ponja amin'izao fotoana izao? Manoloana ny zava-misy dia nanao fanambarana ny holafitry ny mpanao gazety ary nilaza fa manaja hatrany ny fahalalahan'ny fahefam-pitsarana ary mankahery sy miombom-po amin'ireo mpanao gazety misedra fahaverezan' asa, atarek'izao zava-misy izao. Ankoatra izay dia nisarika ny sain'ny rehetra misehatra amin'ny asa fanaovan-gazety ny holafitra mba handinika fa ohatra velona izao mitranga izao, izay mampiseho fa miantraika amin'ny mpanao gazety ny tsy fisian'ny fehezan-dalàna mamaritra ny fetra mazava mampisaraka ny tombontsoa ara-politika sy ny ara-toe-karena, amin'ny zotran'ny fanoratana ny sy ny fananganana orinasan-gazety.

**V.R.**

Antoko Monima

## "Mitohy ny tolona hisian'ny fampandrosoana tsy miangatra ho an'ny Malagasy"

Vaky vava ny teo anivon'ny antoko Monima fa tsy araka ny zava-misy eto amin'ny firenena ankehitriny ny fahafahana, ny fahaleovantena, ny fanjakana, ny fomba fitondrana, ny fiainana amin'ny ankapobeny nokendren'ireo mpitolona nandritra ny raharaha 29 marsa 1947 ka nanaovany sorona ny ainy. Notsipihan'Ing. Monja Roindefo, Praiminisitra teo aloha sady Filohan'ny antoko tamin'izany fa tsy dia hita taratra loatra eto amin'ny firenena amin'izao taonjato faha-21 izao ny "fitiavan-tanindrazana" nananan'ireo mpitolona tamin'izany ka antony mbola mampahantra antsika tahaka izao. Dia nampanantena io Mpitarika antoko io tamin'izany fa toy ny fanaony hatramin'izay dia hanohy ny tolom-panafahan'ny Firenena Malagasy, izay miaina ao anaty fahantrana lalina, hahazoana ny Fahaleovantena tena izy ary hisian'ny fampandrosoana tsy miangatra ho an'ny Malagasy rehetra ny tenany.

**Fikambanana miafina**

Manaraka izany, tsy nohadinoin'ny teo anivon'ny Monima ireo daty nanamarika ny tolom-panafahana teto amin'ny firenena, dia ny 29 martsa 1947, 1 aprily 1971, 31 martsa 1992. Toy izao manaraka izao ny fomba fijerin'io antoko io ireo daty manan-tantara ireo. Mikasika ny 29 Martsa, nambaran'ny teo anivon'ny Monima fa nikomy ny vahoaka Malagasy, nanohitra ny Fitondrana Mpanjatany, izay sady nibodo ny tanintsika no nampitondra zioga maro isan-karazany ny vahoaka manerana ny Nosy. 90.000 no isan'ny tia tanindrazana maty tamin'izany. Raha tsiahivina, nandray anjara tamin'ny hetsika ny MDRM, ny JINY, fikambanana miafina, izay nahitana an'i Monja Jaona, Filoha Mpanorina ny antoko Monima. Mikasika ny 1 aprily 1971, nambaran' Ing. Monja Roindefo fa ny Monima, antoko naorin'i Monja Jaona tamin'ny 29 jolay 1958, nijoro ho mpanohitra ny Fahaleovantena sarintsariny tamin'ny 26 jona 1960, no nitarika ny fikomiana.

**Zara gaigy**

Nanohitra ny zara gaigy, izany hoe, ny fampandrosoana miangatra, nahatonga ho zanak'Ikala hafa ny faritra maro eto Madagasikara ny Monima tamin'izany. Nambarany ihany koa fa 3000 no isan'ny Malagasy namoy ny ainy tamin'izany, vokatry ny famaizana, valifaty nataon'ny fitondrana tamin'izany. Farany, mikasika ny 31 martsa 1992. Araka ny fitantaran'ny Praiminisitra teo aloha Monja Roindefo dia rava ny Repoblika Faharoa ka nitarika ny tolom-bahoaka nitaky ny hisian'ny Lalampanorenana roa isafidianan'ny Vahoaka Malagasy, ny ho Lalàmapanorenan' ny Repoblika Fahatelo, ny Mpitarika ny antoko Monima tamin'izany, ny Tia Tanindrazana Monja Jaona, sy Laha Gaston, ny iray ho an'ny « Etat Federal », ny Iray ho an'y « Etat Unitaire ». Ka ny ratra nahazo azy tamin'izany no nitarika ny fahafatesan'ny Tia Tanindrazana Monja Jaona tamin'ny septambra 1994.

Nangonin'i Mamy R.

**AVIS DE MODIFICATION**

Suivant PV du 08/03/23, enregistré au bureau du CF 3 Faravohitra le 27/03/23 F° 100 N° 1339 Vol. AC 55, l'associé unique de la Sté BOUTA a décidé :

- Cession des parts sociales
- Démission du gérant
- Nomination d'un nouveau gérant.

G-CL 467/1-1

**AVIS DE MODIFICATION**

Suivant PV du 23/02/23, enregistré au bureau du CF 3 Faravohitra le 27/03/23 F° 100 N° 1342 Vol. AC 55, les associés de la Sté RYHT ont décidé :

- Cession des parts sociales
- Agrément d'un nouvel associé
- Démission du gérant
- Nomination d'un nouveau gérant.

G-CL 466/1-1

**A VENDRE**

- Terrain 1are 68ca sis à Analamahitsy, bord de route
- Camion semi-remorque DAF 105 460. Très bon état. Faible kilométrage.

*Contact :* 034 60 982 03.

(G-CL 469/1-1

Sekretera Nasionalin'ny AREMA

## "Latsaka an-katerena ny firenena noho ny tsy fananantsika finiavana hanavotra azy"

Milaza ho mahatsikaritra Rtoa Annick Ratsiraka, Sekretera Nasionalin'ny antoko AREMA fa azo lazaina ho very ihany ny ampahany tamin'ny finiavana hanavotra ny firenena tao amin'ireo tia tanindrazana malagasy nitolona tamin'ny 29 Marsa 1947 amin'izao ankehitriny izao. *"Latsaka an-katerena tanteraka ny firenena ankehitriny. Angamba tsy tokony ho tahaka izao ny toerana misy antsika raha mbola tahaka ny an'ireo Ray aman-dReny nitolona tamin'izany ny fitiavan-tanindrazana nanantsika sy ireo mpitondra nifanesy »,* hoy ity Zanaka vavin'ny Amiraly Didier Ratsiraka ity tamin'izany. Marihana fa tsy nanadino ireo maherifo tia tanindrazana nitolona tamin' ny 29 Marsa 1947 ny Birao politikan'ny AREMA tamin' ny alarobia lasa teo ka nanatitra fehezam-bonin-kazo teny amin'ny fasan'ny mahery fo Avaratr'Ambohitsaina. Tsy nijanona tamin' izay ihany fa nahatsiaro ny faha 2 taona nahalasanan' ny Amiraly didier Ratsiraka izay nodimandry ny 28 martsa 2021 ary nalevina teny Mausolée ny 29 Martsa 2021 ny birao politika AREMA. Araka izany, nisy ny fiaraha-miombombavaka tao amin'ny "Chapelle Notre Dame de la Paix" Andrainarivo ka taorian'izay dia niara-nirohotra nanatitra fehezam-bonikazo teny amin'ny fasan'ny maherifo izy ireo. Nandritra izany ihany koa moa dia nisy ny fampirantiana an-tsary ny fiainan'ny Amiraly fony fahavelony, izay niarahana tamin'ny Mpaka sary Rakotobe Michel.

Mamy R.

Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina

## Nampahafantatra ny lalàna mifehy fahalalahan' ny asa fanaovan-gazety



Ny minisitry ny Serasera nanazava ny lalàna momba ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety tamin'ireo mpiara-miombon'antoka.

Niverimberina tamin'ireo vaovao izay nivoaka tato ho ato ny resaka fahalalahana maneho hevitra eto amintsika. Izay indrindra no nahatonga ny minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina nampahafantatra ny lalàna mifehy ny fahalalahan'ny asa fanaovan-gazety. Tamin' ny alalan'ny fifanakalozana niarahana tamin'ireo mpiara-miombona'antoka sy fiarahamonim-pirenena no niresahana izany tetsy amin'ny foiben'ny minisitera Anosy omaly. Momba ny zavaniseho izay mahakasika ny orinasa fanaovan-gazety iray eto amintsika, dia nilaza Rtoa Minisitra fa tsy tokony afangaro ny raharaha mahakasika ny asa fanaovan-gazety sy ny momba mpanao gazety manokana. Ny lalàna misy amin'izao hoy izy, dia natao hiaro ny asa fanaovan-gazety ary tsy mampiditra am-ponja velively. Mihatra ho an'ilay mpanao gazety kosa ny lalàna momba ny ady heloka raha toa ka zavatra ivelan'ny asa fanaovan-gazety no mahavoasaringotra azy. *"Tahaka ny olompirenena rehetra ny mpanao gazety, ka azo tsaraina sy henjehina raha toa manao manao heloka ivelan'ny asa fanaovan-gazety",* hoy ny fanazavan-dRtoa minisitra.

JUDD

67 ha

## Lehilahy tratra nangalatra finday tao amin'ny biraon'ny polisy

Lehilahy iray no tratra nangalatra finday tao amin'ny biraon'ny polisy teny 67 ha omaly. Nosamborina ary notanana avy hatrany izy. Araka ny fanazavana dia tsy manan-draharaha na nampanantsoina tany amin'ny kaomisaria ity lehilahy ity. Fa tonga tao izy nitady olona. Fantatra fa polisy niasa tao ihany no notadiaviny. Tsy afaka nandray azy avy hatrany anefa ilay mpitandro filaminana fa mbola niasa nampanao famotorana olona nanana raharaha tao ka nandrasany ary nasaina nipetraka niandry azy teo ralehilahy. Nandritra izay fotoana nijanonany teo izay anefa no voalaza fa nahatsikaritra finday iray nipetraka teo ambony latabatra izy. Tsy nisalasala fa avy hatrany dia nangalarin-dralehilahy io. Nisy nahita ny fihetsika tamin'ny nakany izany finday izany ka niroso tamin' ny fisamborana azy avy hatrany ny polisy. Taorian' izy noraisim-potsiny io dia notanana avy hatrany.

T.H

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Lanonana faran'ny herinandro

# Maro ny safidy na ankalamanjana na anaty efitrano

*Misokatra tanteraka ankehitriny ny taom-piakarana an-tsehatra ho an'ny artista eto amintsika. Herinandro mialohan'ny fetin'ny paska tokoa izao, ka tsy mahagaga izany. Maro araka izany ny safidy ary saika tarika sangany avokoa no miaka-tsehatra amin'ny faran'ny herinandro ity. Na ho an'ny fampisehoana anaty efitrano mihidy na hoan'ny fampisehoana ankalamanjana. Araho ary :*

***Kianjan'Antsahamanitra**
**Manomana seho adiny 4 tsy miato ry Oladad, rahampitso**

Efa vonona tanteraka hampirefotra an'Antsahamanitra ry Oladad rahampitso. Fampisehoana adiny 4 no nomanin-dry zalahy ho an'ny mponina eto an-drenivohitra amin'ity fiakarana an-tsehatra voalohany hiarahany irery amin'ny mpankafy azy ireo eto Antananarivo ity. Mampanantena seho matihanina tanteraka ry zalahy amin'izany, ka ankoatra ny ekipa efa mpiara-dia amin' izy ireo hatramin'izay, dia hisy mpandihy sy mpitendry manokana mihitsy hanatevin-daharana azy ireo. Hiezaka ihany koa ry zalahy amin'ny fomba fitafy handravahany ny sehatra. Voalaza, fa fampisehoana lasitra ity satria eto no hanombohana azy ary hoentina mitety faritra avy eo. Hisy ny famarotana ny akanjo Oladad, rakikira vaovao sy ny maro hafa ao an-toerana.

***Tokotaniben'ny Esca Antanimena**
**"Zara revy" miaraka amin-dry Samoela sy ny tropiny**

Rahampitso alahady 2 aprily 2023 manomboka amin'ny 3 ora folakandro no hihaona amin'ny mpankafy azy indray ny tarika Samoela. Fampisehoana goavana voalohany hotanterahan'ny tarika io amin'ity taona vaovao ity. "Zara revy" no anarana nampisalorana ny fiarahana amin'ireo mpiondana Samoela rehetra eto Antananarivo sy ny manodidina. Ireo vazony nanamarika ny mpanara-dia azy tao anatin'ny 20 taona mahery no hitondrany ireo mpialavoly mitsangantsangana an-kira rahampitso folakandro. Mazava ho azy, fa ny ambiansy Samoela hatramin'izay hatrany no hiainana ao an-toerana rahampitso io.

***CCESCA Antanimena**
**Hifandimby ao ry Lalie sy Henri Ratsimbazafy**


"*Mamy indray ny miaina*". Io no lohahevitra hanompanan'i Henri Ratsimbazafy ny fiakarana an-tsehatra izay hotanterahany etsy amin'ny efitrano malalaky ny CCESCA Antanimena, rahampitso alahady 2 aprily folakandro. Hetsika izay hoentina hankalazana ny 90 taonany (29 martsa) niainany teto an-tany io. Ary ankoatra izay dia hanehoana fa mbola afaka manolotra ny kantony ny lehilahy na efa 90 taona aza.

Etsy ankilany, anio tolakandro kosa i Lalie no hitondra ny kantony amin'ireo mpankafy azy hatramin'izay. Ity no seho goavana voalohany hiarahany amin'ny mpitia ny kanto taorian'ny olana nosedrainy tamin'ny fiainany.

***Kianja Analamaintso**
**Rheg The Gang sy ry Dekap's Band, rahampitso**

Hafanafana indray ny kianja Analamaintso Analamahitsy rahampitso. Tarika roa samy sangany amin'ny fiangaliana mozika mavesatra no hiaradia eny an-toerana, manomboka amin'ny 3 ora folakandro. Dia ny tarika Rheg The Gang, izay anisan'ireo tarika mpivoy gadona mavesatra mihetsiketsika eto an-drenivohitra. Ny faharoa, Dekap's Band, izay mandalo eto amintsika ankehitriny ny filohany (Dekapy) hotronin'ireo tanora vao misandratra eo amin'ny fitendrena mozika rock nefa manana ny talentany. Samy hitondra ny sanganasany ny roa tonta, nefa tsy ho ferana ny fampiaraham-peo sy ny fampitoviana tadin-gitara.

**Nangonin'i Fy**




Faribolana Sandratra sampana Betafo

## Hankalaza ny herintaona nijoroany sady hamarana ny volan'ny pôezia

Hotontosaina anio amin'ny roa ora tolakandro ao amin'ny Akon'ankaratra, efitrano malalaky ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina Vakinankatra, eny Vatofotsy ny fanamarihana ny tsingerin-taona voalohan'ny Faribolana Sandratra Betafo sy ny famaranana ny volan'ny Poezia . "AJIMA" no nampitondraina ny lohatenin'ity hetsika ity. Ny hoe "Ajima" dia entina ilazana zava-mahagaga tsy fahita firy ka ny zavakendren'ireo mpiantsehatra rehetra amin'izany hetsika izany dia izay mbola tsy fahitan'ny olona firy. Lohahevitra hifanentanana kosa ny hoe "Tsy ny teny manandra-tena fa ny tena manandra-teny." Mpanakanto 7 mianadahy no hifarimbona amin'ny fiantsana tononkalo amin'ity hetsika ity ka handray anjara amin'izany ry Lamz, Faniry Ezeckiel, Ny Avo Elabakaka, Tsiky Sesehena, Ni Avatsa, Fo Mitahiry Fitia ary i Patrick Teddy (mpanao slam) izay nanodina voalohany ny Faribolana Sandratra sampana Betafo. Ankoatra izay dia hisy ny vazovazo sy tafatafa hataon'izy ireo amin'ny mpanatrika. Misy karazana lalao kely ihany koa amin'io fotoana io ka hizarana boky izay mendrika. Izany rehetra izany dia ravahana fampahafantarana vitsivitsy mikasika azy ireo. Horesahina ihany koa ireo tantara nanamarika ny Faribolana Sandratra Betafo.

Ankoatra izay dia horaisina mpiraifaribolana Sandratra ireo sakaizan'ny Sandratra niara-nanodina tamin'ireo namany tanaty fotoana voafetra. Hahazo tombony manokana koa ireo mpankafy satria handray anjara amin'ny lalao miendrika fifaninanana izy ireo ary hahazoana boky izany. Tsara ho fantatra fa eo ambany fiahian'ny fitaleavam-paritry ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina ao Vakinankaratra ity seho miavaka ity. Porofo mivaingana amin'ny firoboroboan'ny literatiora ny fisian'ny hetsika isankarazany any amin'ny faritra tahaka izao.

**Tiaray R**

midigazetikom@gmail.com

JIRAMA

JIro sy RAno MAlagasy

FAMPAHAFANTARANA

Ho fanarahana ny toromarika napetraky ny ARTEC (Autorité de Régulation de technologies de Communication), dia hamoraina ho tarehimarika telo ny laharana maitso ka voakasik'izany ny an'ny orinasa JIRAMA.

Manomboka izao ary dia hiova ho 547 ny 3547. Maimaim-poana hatrany kosa anefa ny fiantsoana ary mandray anao 24 ora amin'ny 24 ora mandritra ny 7 andro ary manerana an'i Madagasikara.

Tanjona amin'izao fanovàna izao ny hanatsarana ny fifandraisana amin'ny mpanjifa sy ho fitsinjovana azy ireo.

INFORMATIONS

Suivant la réforme instaurée par l'ARTEC (Autorité de Régulation de technologies de Communication), l'appel du numéro vert, dont celui de la JIRAMA, est facilité en trois chiffres.

Désormais, le 3547 devient 547. Cependant, l'appel reste gratuit et la ligne est disponible 24/7 sur le territoire national.

Cette réforme vise à améliorer et préserver la relation client.

G CL 462/15-6

# TENY REHETRA TENY

Sary : Princy sy Kelly R.



Nifarana omaly ny fihaonambe voalohany notanterahin'ny FFKM teny Ilafy.



Nanamafy ireo Raiamandreny ara-panahy nandritra izany fa hiditra an-tsehatra hanara-maso ny fikarakarana ny fifidianana ny fiangonana.



Niakatra Fampanoavana teny Anosy omaly ny raharaha nitorian'ny JIRAMA ny mpanao gazety Lôla Rasoamaharo. Naverina any amin'ny fonjan'Antanimora izy taorian'ny fihainoana azy.




Tsy tazana teny an-tsena intsony ny " La Gazette de la Grande Ile " nanomboka omaly.



Nahatsiaro ireo namoy ny ainy ho an'ny tanindrazana nandritra ny raharaha 1947 ny AREMA ka nanatitra fehezam-boninkazo teny " Mausolée " ny alarobia lasa teo.



Tsy ahitam-bahaolana mihitsy ve ?



Nitrangana loza vao maraina teny Behoririka, omaly. Olona dimy no maty tototry ny trano tao.



Nandeha ny fikarohan'ny mpamonjy voina nitady ireo olona tavela ka nisy ny tafavoaka velona ary nisy kosa ny maty.

Vidim-piainana

# Niakatra avo roa heny tao anatin'ny 3 taona

*Nahatratra 40 isanjato ny fiakaran'ny vidin-tsolika.*



**Mampiteny ny moana ny vidin'entana eny an-tsena. (Tahirin-tsary)**

Tsy mitsahatra miakatra ny vidin'entana. Araka ny fanadihadiana nataon'ny teo anivon'ny INSTAT (Institut National de la Statistique), dia niakatra avo roa heny ny tahan'ny fisondrobidim-piainana tao anatin'ny telo taona lasa. Raha teo amin'ny 4,19 isanjato izany tamin'ny taona 2020, dia niakatra 5,81 isanjato tamin'ny 2021, ary nahatratra 8,15 tamin'ny taona 2022. Mbola vinavinaina hikatra 8,3 isanjato ny fisondrobidim-piainana amin'ity taona ity araka ny voafaritra ao anatin'ny lalànan'ny fitantanambolampanjakana. Anisan'ny nahitana taratra io fiakaran'ny vidim-piainana io ny fivoaran'ny vidin'ny entana ilaina andavanandro, ny solika, ny saran-dalana, ny hofan-trano, sns. Nahatratra 40 isanjato ohatra ny tahan'ny fiakaran'ny vidintsolika, satria raha mbola 4 100 Ariary ny litatry ny lasantsy ary 3 400 Ariary ny an'ny gazoala sy 2 130 Ariary ny an'ny solika fandrehitra tamin'ny taona 2019, dia niakatra ho 5 900 Ariary ny litatry ny lasantsy ary 4 900 Ariary ny an'ny gazola sy 2 430 Ariary ny an'ny solika fandrehitra nanomboka ny volana jolay 2022. Vokatry ny fiakaran'ny vidintsolika koa dia niakatra teo amin'ny 100 Ariary ny saran' ny fitaterana amin'ny taksibe. Raha mbola tany amin'ny 1 600 Ariary ka hatramin'ny 2 000 Ariary ny vidin'ny vary tany amin'ny taona 2019-2020 dia efa tafakatra 3 000 Ariary mahery nanomboka tamin'ny taona 2022 ary efa tafakatra 4 000 Ariary ankehitriny. Tsy lazaina intsony ny fiakaran'ny hofan-trano tsy latsaky ny 10 isanjato isantaona tao anatin'io fotoana io. Niakatra koa ny saram-pisoratana anarana sy ny sarampianarana tany amin'ny ankamaroan'ny sekoly tsy miankina. Vokany, mihena ny fahefa-mividin'ny Malagasy noho ny karama tsy misondrotra na zara raha miakatra sy tsy mifanaraka amin'ny fisondrobidim-piainana intsony. Efa manakaiky ny vidin'ny gonim-bary 50 kilao iray rahateo ny karama farany ambany 250 000 Ariary nampiharina nanomboka tamin'ny herintaona. Anisan'ny voalaza fa nampiakatra ny vidim-piainana ny fiantraikan'ny krizy manerantany, dia ny "Covid-19" sy ny vokatry ny ady eo amin'i Rosia sy Okraina. Na izany na tsy izany, tsy ampy ny famokarana misy eto an-toerana, satria mbola hafarana avy any Ivelany avokoa ny 80 isanjaton'ireo entana ampiasaina eto amintsika.

**R. Muray**

Fitrandrahana harena an-kibon'ny tany

# Maherin'ny 3 000 ireo fangatahana fahazoan-dalana mihantona

Naverina ny fafahafahana mangataka fahazoan-dalana mitrandraka harena an-kibon'ny tany. *"Nanomboka tamin'ny taona 2010 no najanona ny fikirakirana ny fangatahana fahazoandalana hahafahana mitrandraka harena an-kibon'ny tany teto amin'ny minisitera. Nankatoavina nandraitra ny filankevitry ny minisitra tamin' ity herinandro ity ny famerenana tsikelikely ny fandinihana ireo fangatahana mbola mihantona eo anivon'ny BCMM (Bureau de Cadastre Minier de Madagascar). Maherin'ny 3 000 ireo fangatahana mbola mihantona, ka tsy ho vita ao anatin'ny fotoana fohy ny fanadinihana izany, ka hatao laharampahamehana ny fanavaozana ny an'ireo mpitrandraka madinika vao miroso mankany amin'ny fahazoandalana hanaovana fikarohana sy ny fahazoan-dalana mitrandraka ho an'ireo orinasa vaventy."*, hoy ny Minisitry ny harena ankibon'ny tany sy ny loharanon-karena stratejika, Rakotomalala Olivier Herindrainy. Efa nosokafana tamin'ny volana septambra tamin'ny taon-dasa ny fahafahana manondrana vatosoa sy vato sarobidy, ka efa nampiditra 200 tapitrisa Ariary tao anatin'ny kitapombolam-panjakana hatramin' ny faran'ny taona 2022.

**Volamena**

Mbola notapahana nandritra ny filankevitry ny minisitra farany teo koa ny famerenana ny fahafahana manondrana volamena ara-dalàna taorian'ny fampiatoana nanomboka ny volana septambra 2020. *"Nanomboka tamin'ny 2016, fotoana nijoroan'ny ANOR (Agence Nationale de l'Or), no nisian'ny fanondranana volamena nanara-dalàna sy voarakitra voalohany. 584 kilao (Kg) no naondrana tamin'io taona io, 2 833 Kg tamin'ny 2017, 3 051 Kg tamin'ny 2018, 2 411 Kg tamin'ny 2019, ary 1 830 Kg tamin'ny 2020. Zara raha nisy fampodiana vola vahiny tamin'ireo fanondranana volamena ireo, ka nahatonga ny fampihantonana ny fanondranana. Efa nahatratra 10 817 Kg ny lanjam-bolamena naondrana tamin'ireo fotoana ireo. Eo amin'ny 63,53 Dôlara ny vidin'ny iray grama amin'ny volamena eo amin'ny tsena iraisam-pirenena. Teo amin'ny 711 tapitrisa Dôlara araka izany ny vola tokony nampidirin'ireo volamena ireo, izay efa ampy hanohanana ny 70 isanjaton'ny fatiantoka vokatry ny fitongilanan'ny mizanambarotr'i Madagasikara. Efa vita ny fanadiovana nentina teo amin'ity sehatra ity ka izany no antony nanesorana ny fampiatoana mba hahafahana misitraka ny fiakaran'ny vidin'ny volamena eo amin' ny tsena iraisam-pirenena sy mijery ny tombotsoan'ny firenena sy ny vahoaka."*, hoy hatrany ity Minisitra ity, nitondrana fanazavana mikasika ny pitsopitson'ny fanapahankevitra noraisina teo anivon' ny filankevitry ny Minisitra.

*Hatao laharam-pahamehana ny fandinihana ny fahazoan-dalana ho an'ireo mpitrandraka madinika.*



**Nitafa tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny Minisitera Ampandrianomby ny Minisitra Rakotomalala Olivier Herindrainy, omaly. (Sary : Yvon Ram)**

**R. Muray**

Fahazoan-dalana manorina - Antananarivo

# 300 ireo fangatahana voaray nandritra ny herintaona

Manano sarotra ny fangatahana fahazoan-dalana manorina eto Antananarivo Renivohitra. *"Manakaiky ny 300 ny fangatahana fahazoan-dalana manorina voarain'ny kaominina nandritra ny taona 2022. Mbola lavitra ny ezaka, satria vitsivitsy ihany ireo olona manao fangatahana. Ny antony dia sady sarotra no lava ny dingana arahina ary mbola manampy trotraka ny fisian' ny kolikoly."*, hoy ny Ben'ny tanànan'Antananarivo, Naina Andriantsitohaina. Omaly, tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely, nisy ny fanolorana fitaovana informatika avy amin'ny EDBM (Economic Development Board of Madagascar) ho an'ny kaominina Antananarivo Renivohitra tamin'ny alalan'ny tetikasa PRECI (Projet de Réforme lié au Climat d'Investissement), izay tohanan'ny Vondrona Eorôpeana. Nomena ny kaominina tamin'io fotoana io ny solosaina miisa 22 sy kojakoja informatika maro samihafa miaraka amin'ny fifandraisana aterneto manan-kery mandritra ny iray taona. Hoentina manatanteraka ny fampiasana ny rindrambaiko MATAC (Minisitère en charge de l'Aménagement du Territoire : Autorisation de Construire) ity fampitaovana ity mba hanamorana ny asan'ny kaominina sy hanomezana fahafaham-po ny mponin' Antananarivo amin'ny fikirakirana sy fangatahana fahazoan-dalana manorina. Napetraka ho tanjona ny fampihenana ny fotoana lany amin'ny fifamezivezena, ny hanatsara ny fitantanan-draharaha eo anivon'ny kaominina, ary ny fametrahana ny mangaraharaha. Efa nanaovana andrana tamin'ny renivohi-parintany enina rahateo ny fampiasana ity rindrambaiko ity. *« Andraikitry ny EDBM ny manatsara ny tontolon'ny fampiasambola mba hahafahana mampiroborobo ny toekarena, ary tafiditra ao anatin'izany ny eo amin'ny sehatry ny fanorenana. »*, hoy filohan'ny filankevi-pitantanan'ny EDBM, Lantosoa Rakotomalala.

*Nahazo fampitaovana informatika avy amin'ny Vondrona Eorôpeana.*

**R. Muray**



**Fanolorana ny fitaovana tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely. (Sary : Yvon Ram)**

Kitra - Fidy Rasoanaivo

# Voatendry hanazatra ny "Club M" Maorisiana

Nanapa-kevitra ny mpitantana ny "*Mauritius Football Association (MFA)*" ka nanendry an'i Fidy Rasoanaivo, hanazatra ny ekipampireneny "Club M". Izany no akom-baovao nalaza hatry ny omaly, ka nisian'ny tosakevitra maro samy hafa teo anivon'ny mpanaraka baolina kitra. Tsy atao mahagaga izany satria teratany Malagasy no voatendry isahana andraikitra goavana any amin'ny firenena tsy nahalatsahan'ny tavoniny, raha mbola mivaky loha ny handimby ny toeran'i Nicolas Dupuis ny mpitantana ny kitra eto amintsika. Raha nohadihadian'ny mpanao gazety i Fidy Rasoanaivo amin'izao nahavoatendry azy izao, dia tsotra ny fanambarana nataony dia ny hahatafita ny "Club M" amin'ny fiatrehana ny "Coupe d'Afrique des Nations" manaraka, izany hoe amin'ny taona 2025. Tsy vaovao eo amin'ny tontolon'ny baolina kitra i Fidy fa niaina an'izany hatramin'ny fahakeliny, teo ambany fiahian'ny rainy, izay tsy zoviana amin'ny mpankafy an'ity taranja ity fa efa nitondra avo ny



Fanilo miampita ny kitra ho an'ny taranak'Itpkl Rasoa !

voninahi-pirenena tamin'ny fotoan'andro nilalaovany tao anatin'ny ekipa tokana sy firenena. Teo amin'ny sehatry ny baolina kitra dia anisan'ny nampisongadina an'i Fidy ny nilalaovany tao anatin'ny FC BFV Antananarivo, izay tonga tany amin' ny lalao manasa-dàlanan'ny amboaran'ny CAF vao nahintsan'ny Bendel Insurance n'i Nigeria. Nisongadina tamin'izany fotoana izany koa ny zokiny Haja, nitana ny vodilaharana toa azy, sy ny zandriny Rado Rasoanaivo (kap) tao amin'ny irakiraka, izay misahana ny asan'ny Tale Tekinika Nasionaly ankehitriny.

**aris rafaly**

Kitra - "Atsimondrano Champion's League"/and-2

# 10 tapitrisa Ar. ny vola hozaraina

Ekipa 8 no hiatrika ny"poule des As", mandritra ny andiany faharoa amin'ny Atsimondrano(ACL), taranja baolina kitra. Io no anisan' ny zava-baovao amin'ity 2023 ity, araka ny nambaran'ny mpikarakara tetsy amin'ny kianja Barea Mahamasina omaly. Tsy hiova kosa fa 10 tapitrisa Ar. ny vola hozaraina mandritra izany. Nisaotra ny rehetra indrindra fa ny solombavambahoaka voafidy teny Atsimondrano, Ratsivahiny Andry, izay vy nahitana ity ACL ity ny lehiben'ny distrika Atsimondrano. Betsaka tanora eny, hoy izy ka mila, entanina hihetsiketsika foana sy hampiseho ny maha izy azy. Nanamafy kosa ingahy Andry Ratsivahiny, tsy manana ekipa ny tenany na dia voaenjika foana aza. "Rehefa milalao dia mahitsy sy mangarahara"," hiezaka hanova sy hametraka fanatsarana amin'ity ary tokony samy hanaraka ny fitsipika ny rehetra. Nanome voninahitra ity lanonana ity ny filohan'ny CFEM, Henintsoa Rakotoarimanana. Nambarany fa tsara ary afa-po tamin'ny fikarakarana ny tenany. Mila mifanaja fotsiny kosa, hoy izy fa ny rahombava tsy maintsy misy eny amin'ny sisin'ny kianja. Nitondra fanazavana maha-



Nandritra ny lanonana fampahafantarana ny andiany faharoa ny ACL tetsy Mahamasina. (Princy)

kasika ny fizotran'ny fifaninanana Rado Rakotomalala, mpandrindra ara- teknika, fa tokony hanolotra ekipa 3 ny kaominina iray, hisy ekipa 39 isakin'ny vondrona A sy B ka hahazo 2 tapitrisa Ar. Ireo ekipa 2 tompondaka isakin'ny vondrona. Aorian'izay hiditra amin'ny "poule des As" ka ireo ekipa 4 voalohany avy ao amin'ny"A" sy "B" no miatrika izany. Vola 4 tapitrisa Ar. no hatolotra ny Super champion miaraka amin'ny amboara, raha 1 tapitrisa Ar. ny an'ny tompondaka lefitra. Amin'ny 7 may eny Ambohimamory no hanaovana ny lanonampanokafana, amin'ny 13 may hatramin'ny 16 jolay no hanatanterahana ny dingan' ny fifanitsanana. Amin'ny 12 aogositra ny manasa-dalana ary amin'ny 20 aogositra no hanaovana ny lalao famaranana ho an'ny vondrona A, raha amin'ny 27 aogositra kosa ny an'ny vondrona B. Amin'ny herinandro ambony no misokatra ny fisoratana anarana, hifarana amin'ny 28 avrily. Tsy afaka mampiditra anarana mpilalao intsony aorian'ny dingana fifanitsanana. Mahakasika izay hatrany, afaka mampijoro mpilalao matihanina 3 ny ekipa tsirairay, saingy tsy maintsy mipetraka ao amin'ilay kaominina hilalaovany.

**Rabenaivo**

Basket - Tompondaka SBBAR

# Hangotraka ny famaranana "VETD" sy ny "Senior - N1BH"

Ho fantatra anio tolakandro, eny amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina, ny tompondakan'ny "Section de Basket-Ball Antananarivo Renivohitra" eo amin'ny sokajy "Vétéran" vehivavy sy ny "N1B" lehilahy. Eo amin'ny sokajy reniben-jaza dia hifampitana ny MMBC sy ny PMBC, izay samy ahitana an'ireo mpilalao sangany tamin'ny filalaovana an'ity taranja ity teo amin'ny fahatanorany. Hifampitana mafy kosa ny Fandrefiala sy ny AKBB Besarety amin'ny "N1BH", ka adin'ny mpanazatra Cyrille sy Rakim's ny fihaonan'ny ekipa roa tonta. Mpilalao mifankahalala toetra tsara no hifandona ka heverina fa hangotraka ny kianja mitafo, izay azo veroka fa ho tomefy mpijery baolina. Ankoatran'ireo lalao famaranana ireo, dia mbola hisy ny lalao fifanintsanana eo amin'ny sokajy zandriny, izay ampahafantarina eo ambany.

**Fandaharan-dalao**

7 ora 30 : "U12G"/ Assm# Tacbb ; 8 ora 10 : "U12G"/ Mbc67#Cosfa ; 8 ora 50 : "U12G"/ Bcr#Jcba ; 9 ora 40 : "U10F"/ Jcba#Lucadro ; 10 ora 20 : "U10F"/ Assm#Sac ; 12 ora : "N1BH – 3 ème Place"/ Soe#Bcr - Lalao Famaranana / 1 ora 30 : "VETD" / MMBC # PMBC ; 3 ora : "N1BH" / Fandrefiala # Akbb. Marihina fa mbola misy lalao fifanintsanana amin'ny tompondakan'ny SBBAR, ho an'ny sokajy hafa anio maraina, eny amin' ny kianja Toby Ratsimandrava Andrefana Ambohijanahary.

**aris rafaly**

Savate - Mada 2023

# 108 no nifaninana tany Toliara

Tontosa tany amin'ny ligin' Atsimo andrefana tamin'ny herinandro lasa teo, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny Savate Boxe Française. Tireurs miisa 108 avy amin' ny ligim-paritra 5 no tonga nandray anjara tamin'izany ka na teo aza ny halavirana, tsy nahasakana ny hetsika izany, ary tontosa hatramin' ny farany. Ireto avy ireo tompondaka rehetra. Minime : zazalahy. (-39kg) - Tadjiry, (-42kg) - Fenitra (Itasy), (-45 kg) – Windy (Itasy), (-48kg)- Miantsa (Itasy). Zazavavy: (-42kg) - Onitiana(Itasy), (-45kg) - Raissa (Analamanga), (-52kg) - Nalidah (Analamanga). Cadet : (-42kg) - Ando (Itasy), (-45kg) - Lucas (Itasy), (-48kg) : Théo (Atsimo andrefana, (-52kg): Herman (Analamanga), (-56kg): Sergio (Itasy), (-60kg): Tsiriniaina (Analamanga). Cadettes - (-48kg): Nancia (Analamanga), (-52kg): Rojo (Matsiatra ambony). Juniors : lehilahy (-45kg): Franco (Atsimo andrefana), (-48kg): Manahira(Atsimo andrefana), (-52kg): Setra Matsiatra ambony, (-56kg): Noelson (Atsimo andrefana), (-60kg): Mampisaina(Atsimo andrefana). Vehivavy : (-45kg): Omega (Itasy), (-60kg): Vaniah (Matsiatra ambony). Seniors- lehilahy (-48kg): Justo (Atsimo andrefana), (-52kg): Tovo(Atsimo andrefana), (-56kg): Mila(Atsimo andrefana), (-60kg): Tahora (Atsimo andrefana), (-65kg)- Hery (Analamanga), (-70kg)- Power(Analamanga). Vehivavy - (-48kg): Emma (Matsiatra ambony), (-52kg): Prisca(Atsimo andrefana), (-56kg): Hoby (Matsiatra ambony), (-60kg): Miarina (Matsiatra ambony).

**Rabenaivo**

Ajesaia - "Tournoi National 2023"

# Tonga ny amboara goavana nalefan'i Raboss

Noraisin'ny mpitantana ny klioban'ny AJESAIA, notarihan'ny Filoha Nasionaly Jasmina Ravelonarivo, teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, omaly, ny amboara lehibe anankiray, nalefan'i Elysé "Raboss", hatolotra ny mpandresy amin'ny fiadiana ny tompondakam-pireneny 2023, tanterahina any Mahanoro amin'ny 11 ka hatramin'ny 16 aprily 2023, ho an'ny sokajy "Senior Open". Sambany teo amin'ny tantaran' ny baolina kitra malagasy no misy amboara goavana, ihadiana amin'ny fifaninanam-pirenena tahaka izao, raha tsy diso ny fitadidy. Mirefy 1, 45 metatra ny haavony, mitovy halavana amin'ny ankizy 13 taona (jereo ny sary). Elysé "Raboss" na "Zézé Raboss" nandefa azy dia mpikambana ao amin'ny AJESAIA teto Madagasikara, izay efa miorim-ponenana any France hatry ny fotoana ela. Momba ny fifaninanampirenena hatao any amin'ny kianja manara-penitr'i Mahanoro, dia efa vonona amin' ny fandraisana ny lalao ny manampahefana any amin' iny faritra iny, izay miaramiasa akaiky amin'ny AJESAIA.

**aris rafaly**



Miteny ho azy ny sary !

## Sarisary zary tenany

**Nôstalzia**




## Hatsikana an-tsary

**Faly be**




## Masoandro Miposaka

### Eksodosy 33 : 13

Koa ankehitriny, raha nahita fitia eo imasonao aho, dia ampahafantaro ny lalanao hahalalako Anao, mba hahitako fitia eo imasonao; ary hevero fa olonao ity firenena ity.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Ny aina aloka aman-javona : mihelina dia lasa.**

La vie est une ombre et une fumée : elle passe et n'est plus.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2916

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | | | | | | 5 | | |
| | | | | 2 | 8 | | | 4 |
| 3 | | | 9 | | 6 | | | |
| 4 | | | | | 5 | | | 9 |
| | | 6 | | 3 | | | 8 | |
| | | | 6 | | | | | 3 |
| | 8 | | | | 3 | 1 | | |
| | | 7 | | | | 9 | | 5 |
| | | 5 | 1 | | | | 4 | 6 |

Valin'ny laharana 2915

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 4 | 9 | 6 | 8 | 3 | 7 | 5 | 2 |
| 7 | 5 | 2 | 4 | 1 | 9 | 8 | 3 | 6 |
| 8 | 3 | 6 | 7 | 2 | 5 | 9 | 1 | 4 |
| 2 | 7 | 4 | 3 | 9 | 8 | 5 | 6 | 1 |
| 3 | 9 | 1 | 5 | 6 | 7 | 2 | 4 | 8 |
| 5 | 6 | 8 | 1 | 4 | 2 | 3 | 7 | 9 |
| 9 | 1 | 7 | 2 | 3 | 4 | 6 | 8 | 5 |
| 4 | 2 | 3 | 8 | 5 | 6 | 1 | 9 | 7 |
| 6 | 8 | 5 | 9 | 7 | 1 | 4 | 2 | 3 |

Ambatovy

# Nanavao ny rafitra fitantanana ny tontolo iainana



**Ho avy ao daholo izy 12 mianadahy mandrafitra ny tarika Fanah.**

Manaja ny fenitry ny fitantanana ny tontolo iainana amin'ny fitrandrahana ataon'ny orinasa Ambatovy. Niarahan'ny filohan'Ambatovy, Gustavo Gomes, sy ny tale jeneralin'ny ONE (Office National de l'Environnement), Rakotoson Rija Herisolo, nanao sonia omaly teny Analakely, ny rafitra fitantanana manokana an'Ambatovy nohavaozina momba ny tontolo iainana. Voafaritra amin'ny antsipirihany ao anatin'izany ny andraikitra tsy maintsy iantsorohan' Ambatovy eo amin'ny lafiny fitantanana ara-tontolo iainana sy ny fampandrosoana ara-tsôsialy, izay mifanaraka amin'ny fahazoan-dalana ara-tontolo iainana azony tamin'ny taona 2006. Manan-kery manomboka amin'ity taona ity ka hatramin'ny taona 2027 ary mahakasika teboka maro ao anatin'ny tetikasa fitrandrahana Nikela sy Kobalta toy ny fitrandrahana, ny fantsona, ny ozinina, ny fanatobiana ny loto, sns. Tafiditra tao anatin'ny fanavaozana nentina ny famaritana ny asa mandeha ankehitriny, ny fiovana misy sy ny fiantraika goavana eo amin'ny fitrandrahana, ny tetiandro amin'ny fanaraha-maso sy ny fiambenana ny lafiny tontolo iainana. Namafisin'ny filohan'Ambatovy fa manaja ny didy aman-dalàna misy eto amin'ny firenena momba ny asam-pitrandrahana Ambatovy, indrindra fa ny didim-panjakana MECIE, ireo tolo-kevitra avy amin'ny Komity misahana ny fiambenana ny tontolo iainana na ny CSE, ary ireo fenitra iraisampirenena toy ny fenitry ny SFI (Société Financière Internationale) sy ny "Principes de l'Equateur".

**R. Muray**

## MANAMPY ANAO

**PERMANENCES**
**01 au 07 avril 2023**

**PHARMACIE DE GARDE**
**Périphérie d'ANTANANARIVO**
**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

Fitrandrahana fasimainty

# "Tsy hisy fiantraikany amin'ny ala Mikea", hoy Jean Claude Vincent



**Efa ela no niara-niasa tamin'ny mponina Mikea i Jean Claude Vincent.**

Miteraka resabe ny mety ho fiatraikan'ny fitrandrahana fasimainty amin'ny ala Mikea. *"Tsy misy ambana amin'ny ala Mikea mihitsy ny fitrandrahana ataon'ny tetikasa Base Toliara. Irahamahalala fa mbola misy ny lalam-pirenena fahasivy manasaraka ny toerampitrandrahana sy ny faritra ala. Misy elanelana eo amin' ny 55 kilometatra manasaraka ny faritra avaratry ny toeram-pitrandrahana ao Ranobe sy ny faritra Atsimo amin'ny ala Mikea."*, hoy i Jean Claude Vincent, mpahay tontolo iainana no sady nanangana ny fikambanana "Mikea forest". Misehatra amin'ny fanabeazana sy ny fanentanana momba ny tontolo iainana ity fikambanana ity. Tsiahivina fa ao amin'ny distrikan'i Toliara II, anatin'ny kaominina Ankilimalininke sy Tsianisiha, 5 Km Avaratra Atsinanan'i Ranobe sy 8 Km Atsinanan'Ankilimalininke no misy ny faritra hitrandrahan'ny Base Toliara. Miaramiasa amin'ny fikambanana Mikea Base Toliara ary manampy ireo mponina ao an-toerana eo amin'ny lafiny fampianarana toy ny ao Bedo, izay miompana amin' ny fanomezana sakafo antsekoly sy ny fampitaovana ny toeram-pampianarana. *"Ny Mikea dia mifankahazo tsara amin'ireo izay miaro sy manampy azy ireo. Mifanaraka tsara amin'ny Base Toliara izy ireo rehefa tsy manimba ny ala fivelomany. Manome tosika azy ireo rahateo ity tetikasa ity na dia mifanalavitra amin'ny toerana misy azy ireo ny toeram-pitrandrahany. Ny fanampiana eo amin'ny lafiny fanabeazana dia mampivelatra ny kolontsain'ny Mikea ary tena manan-danja amin'izy ireo izany."*, hoy hatrany i Jean Claude Vincent.

**R. Muray**

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

**SAMEDI 01 AVRIL 2023**
06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Royal Chapel ®
06.55 : Télé achat
07.00 : Salama va
07.45 : Dessins animés
09.45 : Film Jeunesse
11.00 : FAM
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
13.00 : Série ®
14.00 : Film Romantique
15.55 : Ny Vehivavy
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy
17.30 : Full Music
18.00 : Chine Afrique : destins partagés
18.15 : Fandaharana manokana KOHEN
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.15 : Ankarihary
21.00 : Film Fiction
23.30 : Journal International
00.15 : Film Romantique
02.00 : Documentaire
05.00 : Rhefi

**DIMANCHE 02 AVRIL 2023**
06.00 : Amboarampamonjena
07.00 : Les oliviers/ SEDERA
07.25 : Feon'ny Pentekosta
08.00 : Kristy mandamina
08.35 : Oran'ny fanantenana
09.00 : Rhefi
09.45 : FJKM
10.45 : FAM ®
12.00 : METEO
12.05 : Vaovao an-tsira
12.30 : SPECIAL LIVE
13.55 : Minutes Canal ®
14.15 : Série ®
15.20 : Film Comédie
17.30 : Ao anatin'ny rano no misy ny hery
18.00 : Fandaharana manokana
18.45 : M/car à l'heure du conservatoire
18.55 : METEO
19.30 : Mahery
20.30 : Fandaharana manokana
21.15 : Film Romantique
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
01.30 : Magazine
03.00 : Film Action
04.45 : Mahafinaritra
05.30 : Rhefi
06.00 : Oran'ny fanantenana

## TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

HUISSIERS
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 16 014- 04 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

**Trondro gasy sy henankisoa**

**Zavatra ilaina :** trondro gasy, henankisoa, tongolobe, tongolo gasy, sakamalao, voatabia, menaka.

**Fikarakarana azy :** Rehefa voakarakara ny trondro dia tetehina ny henankisoa. Tsara raha somary matavy ny hena. Arotsaka avy hatrany ao anaty vilany ka ny hena no atao lafika ambany. Alahatra eo ambony avy eo ny trondro gasy. Asiana voatabia sy tongolo, sakamalao ary voatabia. Asiana rano dia avela hiketrika. Tsy atao be loatra ny rano fa aleo tampotampohina mba ho tsara nahandro. Avela ho ritra tsara ary somary maimay kely aza ny vilany vao esorina. Tsara kokoa raha avela hangatsiatsiaka kely vao aroso mba tsy halemy ny trondro. Aroso miaraka amin'ny lasary voatabia na konkombra ary ranon' ampango.
Mazotoa homana !

Vehivavy voafonja

# 15 isanjaton'izy ireo no maniry ho faty

*Fonja roa lehibe dia Antanimora sy Tsiafahy irery no fonja manana dokotera ao aminy manerana ny Nosy, ny sisa kosa mpitsabo mpanampy no miasa.*



**Nahasarika mpanao gazety ny famelabelaran-kevitra natao mikasika ny zon'ny vehivavy voafonja.**

Nasain'ny Remapsen Mada manokana ny H.I na Humanité & Inclusion ampahafantatra ny asa ataon'izy ireo sy ny fanadihadiana nataony teny anivon'ny fonja amin'izao famelabelaran-kevitra voalohany nataon'izy ireo izao. Natao mifanindran-dalana amin'ny andro iraisam-pirenena ho an'ny fahasalamana izany velakevitra izany ka noraisina ny lohahevitra hoe: "fahasalamana ho an'ny rehetra, zon'ireo vehivavy voafonja." Nisy ny fanadihadiana nataon' ny Humanité & Inclusion teny anivon'ny fonjan'Antanimora, Vatomandry, Toamasina ary Antananarivo tamin'ny taona 2009 sy 2012. Nivoaka tamin'izany fa maniry ho faty ny 15 isanjaton'ny vehivavy voafonja ary 2 isanjato efa nanandrana namono tena. Ny 64 isanjaton'ireo vehivavy voafonja milaza fa ratsy ny fiainana amin'ny ankapobeny eny amin'ny fonja. Ny 98 isanjato milaza fa manana fisaintsainana ratsy toy ny malahelo amin'ny fiainany. 94 isanjato kivy, 90 isanjato reraka foana kanefa tsy misy atao eny, 90 isanjato vao mifoa maraina dia mahatsapa alahelo, 85 isanjato tsy misy atao, 84 isanjato zara raha matory, 70 isanjato tezitezi-dava ary 60 isanjato matahotra. Amin' izao fotoana izao, mandany ny tetibolan'ny fonja ny resaka sakafo izay mangahazo maina foana no aroso ho azy ireo ao anatin'ny andro iray. Anisan'ny olana sedrain'ireo voafonja eto amintsika izay olana aratsakafo izay satria mitarika any amin'ny tsy fahasalamana ara-batana izany. Ny rano sy ny fahadiovana eny anivon'ny fonja ihany koa tsy tomombana ka miteraka aretin-kibo, aretin'ny voa ary raha sendra misy ny valanaretina dia mora miparitaka. Tsy ara-batana ihany anefa no voa fa ara-tsaina ihany koa ka misy fahaketrahana ara-tsaina mahazo ireo vehivavy voafonja ireo. Lasa sorena lava, te hivoaka ao am-ponja, te andositra ary lasa miady ireo voafonja.

### Tsy ampy mpitsabo

Fonja roa lehibe dia Antanimora sy Tsiafahy irery no fonja manana dokotera ao aminy manerana ny Nosy, ny sisa kosa mpitsabo mpanampy no miasa. Amin' izany, mpitsabo mpanampy iray miantoka voafonja 500 ka misy amin'ireo voafonja manampy ireo mpiasan'ny fahasalamana. Tsy mahazo fiofanana anefa izy ireo fa atao ankahamehana fotsiny ary atao arak'izay mety fotsiny ny iraka ataony. Raha ny lalana mifehy ny voafonja eto amintsika, izay voafonja marary mafy ka mila mijery dokotera dia mizara roa mazava tsara. Raha voafonja efa voatsara dia misy fanapahan-kevitra raisina fa raha tsy mbola voatsara kosa dia tsy azo atao ny mamoaka azy fa tsy maintsy entina eny amin'ny tribonaly ny raharaha ary maka fahazoan-dalana manokana vao mahazo mivoaka ilay voafonja marary. Ho an'ny fonjan'Antanimora kosa, miaraka miasa amin' ny CSB eny akaiky eny izy ireo mitondra vehivavy bevohoka ary tsy maintsy misy mpiasan'ny fonja manaraka. Santionany amin'ny zavatra iainan'ny vehivavy voafonja ihany ireo fa tena betsaka ny zavatra tsy manjary ka mila arenina na amboarina ary hatsaraina.

**Nath**

CNaPS

# Hanome fitsaboana ho an'ireo zokiolona mpikambana



**Tontosa ny fanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny telo tonta dia ny CNaPS sy ny Salfa ary ny CBM Global.**

Tontosa tetsy amin'ny foiben' ny CNaPS 67 Ha ny fanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny CNaPS sy ny CBM Global ary ny Salfa. Miompana amin'ny tolotra fitsaboana maso sy sofina ho an'ireo be antitra, ireo mpiasa marefo ary ireo mpikambana tsy manana asa izany. Ireo afaka misitraka izany tolotra izany kosa dia ireo manana olana ara-pahitana sy sofina maherin'ny 50 isanjato. Ireo be antitra maherin'ny 60 taona, tsy an'asa kanefa nahaloa latsakemboka tao anatin'ny 40 telovolana, ireo mpiasa misedra olana tsy afaka miasa intsony, ireo mpiasa nahaverina latsakemboka maherin'ny 40 telovolana. Mahatsapa ny CNaPS fa misedra olana ireo mpikambana ao aminy indrindra ireo sokajin'olona marefo ka nanapa-kevitra nitady loharanom-bola hahafahana misahana ny lafiny ara-pahasalamana. Ho raisin' ny CNaPS an-tanana ny 50 isanjaton'ny saran'ny fitiliana raha mahafeno ireo fepetra voatanisa izy. Andraikitry ny CNaPS ny manentana ireo mpikambana hiditra ao amin'ity fiahiana ara-pahasalamana ity, mitantana ny vola natokana ho amin'ity tetikasa ity, miantoka ny antsasaky ny vola alaina amin'ilay mpikambana mandritra ny fizahampahasalamana, ny sarampitsaboana iray manontolo, ny saran'ny vidim-panafody ary ny saran'ny fandidiana manaraka ny tolotra omen'ny SALFA. Ny CBM Global kosa ny mamatsy ara-pitaovana ireo marary ka anisan'izany ny fitaovam-pihainoana, tehana fotsy ary solomaso. Ampidirina ao amin'ny fiaraha-miasa ara-pahasalamana ataon'ny Salfa izay vatsian'ny CBM ara-bola. Ny Salfa kosa no mandray antanana ilay marary amin'ny fizaham-pahasalamana, fanarahana fitsaboana, fidirana hopitaly sy fandidiana, fanolorana fitaovana ary mandefa dosoe hahafahana mandoa ny faktiora aorian'ny fitsaboana. Maharitra telo taona ny fifanaraham-piarahamiasa ary afaka mbola havaozina. Misy ny dingana mila arahina ka anisan'izany ny fitondrana ny karatra maha mpikambana eo amin' ny Cnaps na CIN, taratasy fanamarinana fahavelomana ho an'ireo mpiasa , mameno taratasy fangatahana, miantoka fa mahaloa sarampizaham-pahasalamana ary raha mahazo fitaovana tsy tokony hamidy na omena olon-kafa izany. Tsy mitsahatra manome fahafaham-po ary mitady izay fomba hanampiana ireo mpikambana ao amin'ny ny CNaPS izay nisahana ny fiahiana arapahasalaman'ny mpiasa tao anatin'ny 60 taona izay.

**Nath**

Tanora mpandraharaha

# Misokatra ny fifaninanana "Prix Pierre Castel"

Misokatra ho an'ny mpandrahara malagasy 18 hatramin' ny 45 taona mipetraka sy misehatra eto an-toerana ny fifaninanana « Prix Pierre Castel » izay karakarain'ny Vondrona Castel amin'ny alalan'ny Star. Mikendry fanohanana ara-bola sy arapanofanana ireo tetikasa mendrika indrindra, izay hanamafy ny fahafahan'izy ireo hiatrika ireo zavamanahirana ao amin'ny sehatra iandraketany ity fifaninanana ity. Loka voalohany ho azon'izay mendrika ny 15 000 € miaraka amin'ny fanohanana sy fanarahana. Loka faharoa kosa 10 000 € miampy fanarahana. Laharana fahefatra hatramin'ny fahenina : Fampiofanana mandraharaha hahazoana marika miaraka amin'ny « Centre du Commerce International de Genève » ary afaka mandray anjara amin' ny « Prix Jeunes Espoirs ». Ny tetikasa hatolotry ny mpandray anjara dia tsy maintsy mihodidina amin'ny fampandrosoana ny orinasany ary manana ako miabo eo amin'ny sehatra sosialy, toekarena, tontolo iainana afaka faritana mazava eo amin'ny faritra iasàny. Misokatra ny 3 aprily 2023 ary maharitra iray volana izany hoe hatramin'ny 3 may 2023 ny fisoratana anarana. Alefa ao amin'ny www.fonds.fonds-pierre-castel.org ny antontan-taratasy mahakasika ny tetikasa. Rehefa tapitra ny fetra hahafahana mandray anjara dia hisy ny mpitsara avy eto an-toerana hanadihady ireo tetikasa rehetra ary hamaritra ireo tetikasa enina mendrika indrindra. Aorian'izay dia hisy ny fidinana ifotony sy ny fihainoana ireo mpitondra tetikasa enina entina misafidy ireo tetikasa roa miavaka afaka misolo tena an'i Madagasikara hiatrika ny fifaninanana eto Afrika. Manome tosika ireo tanora Malagasy ny Star ary manentana izay rehetra manana tetikasa sy orinasa mbola tokony hitarina handray anjara. Manamafy ny finiavan'ny Star hampandroso ny toe-karena nasionaly izao fifaninanana izao no sady hetsika iray hanamarihana ny 70 taona nijoroany ihany koa anefa.

**Nath**


yoplait — Une entreprise du groupe eclosia

**COMMUNIQUE DE PRESSE**

MAURILAIT S.A., dia mamokatra ireo vokatra Yoplait eto Madagasikara nanomboka ny taona 2020. Anisan'izany :

- Ny yaourt Nature na Nature Sucré,
- Ireo yaourt misy hanitra,
- Ny Panier Yoplait,
- Ary ireo yaourt sotroina Yop

G-CL 461/1-1

Ireo vokatra Yoplait rehetra mivoaka ny toeram-pamokarana eto Madagasikara sy amidy eto amin'ny tsena malagasy (mpivarotra antsinjarany, tsena lehibe, hotely, toeram-pisakafoana, tobin-dasantsy sns...) dia manaraka ny fenitra ara-kalitao Yoplait.

Io fenitra ara-kalitao io dia mamehy ny fomba famokarana, ny singa ao anatin'ny vokatra, ny fonony izay misy ny sary famantarana Yoplait ary ireo fenitra fitsinjarana sy ny fivarotana ny vokatra (fiara mitana ny hatsiaka). Izany rehetra izany no afahana manome antoka ny kalitao.

Araka ny fahampahafantarana azonay sy ny fanadihadiana dia misy mamerina mampiasa ireo tavoahangy Yop efa niasa, ary vokatra hafa no ao anatin'izy ireny.

Noho izany ny orinasa Maurilait SA dia tsy tompon'andraikitra intsony amin'ny vokatra ao anatina fonosana Yoplait efa niasa.

Yoplait Madagasikara dia efa nanome toky ary mbola manome toky anolotra vokatra ara-kalitao, manaraka ny fenitra ara-pahasalamana, sy ireo fepetra ara-tsakafo ary ireo fenitra iraisam-pirenena. Manome antoka ny orinasa fa voafehy izany fenitra rehetra izany manomboka any amin'ny famokarana hatrany amin'ny fitsinjarana ireo vokatra.

Relations Média & Presse : commgroup@eclosia.mg – +261 32 23 930 37/ +261 32 11 902 01

STAR 70

fonds de dotation
PIERRE CASTEL
Agir avec l'Afrique

Vous êtes jeune entrepreneur ?
Vous oeuvrez dans l'agriculture ou l'agroalimentaire ?

# 15.000 €

## Un parrainage et un programme de coaching

pour booster votre activité

**Soumettez votre candidature du 03 avril jusqu'au 03 mai en consultant le lien : www.fonds-pierre-castel.org**

**PRIX PIERRE CASTEL**
**EDITION 2023**

STAR
ENSEMBLE VISONS LES ÉTOILES

www.star.mg STAR Madagascar

G CL 472/1-1